L'urne ne doit avoir qu'une ouverture destinée à laisser passer l'enveloppe à déposer par chaque électeur

**Art. 53** - Le vote a lieu sous enveloppe fournie par la commission préparatoire.

Les enveloppes opaques et de type uniforme sont envoyées dans chaque bureau de vote, avant l'élection, et nombre au moins égal à celui des électeurs inscrits.

Le jour du vote, elles sont mises à la disposition des électeurs dans la salle de vote.

Avant l'ouverture du scrutin, le bureau doit constater que les enveloppes sont vides.

**Art. 54** - Les opérations d'élection ne débutent que si les bulletins de vote de tous les candidats ayant remis leurs bulletins de vote à la commission préparatoire sont déposés par le président du bureau de vote sur la table prévue à cet effet.

L'absence de bulletin de vote d'un candidat ayant remis ses bulletins de vote à la Commission préparatoire entraîne l'annulation du scrutin de ce bureau.

Si les bulletins de vote d'un candidat viennent à manquer sur la table au cours du scrutin, les

atovana aminy, rahefa avy nosoniavin'ny birao.

## TOKO V Latsa-bato

### SOKAJY I *Fisokafana sy namaranana ny latsa-bato*

**And. 51** - Ny ora fisokafana sy fikatonan' ny latsabato dia ferana amin' ny alalan' ny didim-pitondrana anaikana ny antokon' olona mpifidy ary avoaka ho fantatry ny besinimaro amin' ny alalan' ny peta-drindrinana filazana any amin' ny gazety.

Ny latsabato dia tsy maintsy misokatra mandritra ny valo ora tsy miato raha tsy hoe lany ny lisitry ny mpifidy; amin' izay fotoana izay dia azon' ny filohan'ny biraom-pifidianana atao ny manambara ny fikatonany.

### SOKAJY II *Mialoha ny fisokafan' ny latsabato*

**And. 52** - Ny biraom-pifidianana tsirairay avy dia misy vato fandatsaham-bato mitovy isa amin'ny antokon'olona. Ny vata fandatsaham-bato tsirairay avy dia milaza ny antokon'olona voakasika.

Alohan'ny hanombohana ny latsabato sy rahefa voamarina ka ifanatrehana fa foana ny vata fandatsaham-bato dia hidina amin' ny alalan' ny gadanà anankiroa izany ka ny fanalahidy iray dia mijanona eo am-pelatanan' ny filohan' ny hirafo fandatsaliani-bato ary ny iray any am-pelatànan' ny mpitsara mpanampy zokiny indrindra.

Ny vata fandatsaham-bato dia tokony tsy hisy afa-tsy fisokafany iray izay atokana hanatsofohana ny valopy harotsaky ny mpifidy tsirairay avy.

**And. 53** - Ny latsabato dia ao anaty valopy vononon' ny vaomiera mpanomana.

Ny valopy izay tsy ahitantaratra na inona na inona sy mitovy endrika sy habe dia alefa isaky ny birao fandatsaham-bato alohan'ny fifidianana, amin' ny isa mira ahay ny isan' ny mpifidy voasoratra.

Ny andro anaovana ny latsabato dia atolotra hampiasain' ny mpifidy izy ireo ao anatin' ny efitrano anaovana ny fifidianana

Alohan' ny hisokafan' ny latsabato, dia tokony hohamarinin' ny birao fa foana ireo valopy ireo.

**And. 54** - Ny raharaham-pifidinana dia tsy manomboka raha tsy efa voapetraky ny filohan' ny biraom-pifidianana eo amin' ny latabatra natokana ho amin' izany ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsa-kofidina rehetra nanolotra ny vaomiera mpanomana ireo taratasin-datsabatony.

Ny tsy fisian' ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsa-kofidina iray nanolotra ny vaomiera mpanomana ny taratasin-datsabatony dia mitarika ny fanafoanana ny latsahato ao anatin'io birao io

Raha toa ka tsy ampy ny taratasin-datsabaton'

opérations électorales doivent être suspendues immédiatement jusqu'à ce qu'il y soit remédié.

Si la carence s'avère irrémédiable, le scrutin sera annulé pour ce bureau de vote.

### SECTION III

#### *Déroulement du scrutin*

**Art. 55** - Pendant toute la durée des opérations une copie de la liste des électeurs certifiée par le président de la Délégation spéciale du Faritany et portant mention des indications prévues à l'article 17 ci-dessus reste déposée sur la table autour de laquelle siège le bureau de vote.

Les cartes électorales non remises sont déposées sur la table prévue à cet effet.

**Art. 56** - A son entrée dans la salle de vote, l'électeur doit justifier de son droit de vote par la présentation d'une carte d'électeur ou du récépissé de déclaration de perte (le cette carte délivrée par la commission préparatoire.

Après justification de son identité et vérification de son inscription sur la liste électorale, il doit prélever un exemplaire de tous les bulletins de vote de la même couleur que sa carte d'électeur ainsi qu'une enveloppe vide.

Il doit ensuite, sans quitter la salle, se rendre dans la partie aménagée et isoloir où il insère un bulletin dans l'enveloppe.

Après avoir présenté sa carte d'électeur au président du bureau de vote, il lui fait constater qu'il n'est porteur que d'une enveloppe qu'il introduit lui-même dans l'urne.

**Art. 57** - Le vote de chaque électeur est constaté sur la liste électorale par l'apposition, sur la liste d'émargement et et' marge de son nom, sa signature et le paraphe avec initiales de l'ut' des membres du bureau de vote.

Un membre du bureau de vote doit s'assurer de la conformité de la signature du votant avec elle, apposée sur la carte électorale. En même temps, un assesseur marque la date de scrutin et appose sa signature dans la case réservée à Cet effet sur la carte électorale.

ny mpilatsa kofidina eo ambony latabatra mandritra ny latsahato, dia aato eo ho eo ny raharaham-pifidianana mandra-pisian' ny fanafana amin' izany.

Raha tsy ahitam-panafany izany dia ho foanana ny latsabato ao amin' io biraom-pifidianana io.

### SOKAJY III

#### *Fizotran' ny latsabato*

**And. 55** - Mandritra ny faharetan'ny raharaham-pifidianana dia atoetra hijanona eo amin' ny latabatra izay misy ny biraom pifidianana ny kopian' ny lisitry ny mpifidy voamiran'ny filohan' ny Delegasiona manokan' ny Faritany ary mitonilra nv fanambarana voalazan' ny andininy faha-17 etsy ambony.

Ny kara-pifidianana tsy nalain'ny tompony dia apetraka eo amin' ny latabatra natokana ho amin' izany.

**And. 56** - Eo am-pidirany ao amin' ny efitra fandatsahainbato, dia tsy mait'tsy manamarina ny zony handaisa-bato ny mpifidy, amin' ny alalan' ny fampisehoany ny kara-pifidiananana ny tapakila naharaisana ny fahaverezan' io karatra io, nomen' ny vaomiera mpanomana.

Aorian' ny fanamarinana ny maha-izy azy sy fanamarinana ny fisoratany ao amin' ny lisi-pifidianana, ilay mpifidy dia tokony haka sosony iray amin' ny taratasin-datsabato rehotra mitovy loko ny kara-pifidianany mbamin' ny valopy foana iray.

Aorian' izay izy dia tokony hamonjy ny faritra misy ny efitra fisainana izay hanatsofohany ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy, ka tsy mivoaka ny efitrano izy amin' izany

Rahefa avy nanolotra ny karatra maha-pifidy azy ny filohan' ny biraom-pifidianana ilay mpifidy, dia asaina hamarininy fa tsy mitondra afa-tsy valopy iray izy izay ampidirin' izy tenany ao anaty vata fandatsaham-bato.

**And. 57** - Ny latsabato ataon'ny tsirairay avy dia hamarinina ao amin'ny lisi-pifidianana amini'ny alalan'ny fametahana eo amin'ny lisitra fanaovantsonia sy mifanitsy amin'ny anarany, ny soniany sy ny rango-pohy miaraka amin'ny litera fiandohan'anaran'ny mpikambana izay ao amin'ny birao fandatsaham-bato no tsy tsy maintsy miandraikitra ny fanamarinana ny fifanarahan'ny sonian'ny mpifidy amin'ily sonia mipetraka eo amin'ny kara-pifidianany. Ao anatin'izany fotoana izany ny mpitsara mpanampy izay dia mametraka ny vaninandro anaovana ny latsabato sy mametaka ny soniany eo amin'ny faritra kely natokana anaovana izany ao amin'ny lisi-pifidianana.

CHAPITRE VI  
Dépouillement

**Art. 58** - Après la clôture du scrutin, il est procédé au dépouillement. Le dépouillement est public et doit être effectué dans le bureau de vote.

Le président et les membres du bureau de vote surveillent l'opération de dépouillement. Ils peuvent y prendre part eux mêmes.

Le bureau de vote désigne parmi les électeurs présents un nombre suffisant de scrutateurs qui se divisent par tables de quatre au moins.

Les scrutateurs arrêtent et signent les feuilles de dépouillement et de pointage prévues à cet effet.

**Art. 59** - Les membres du bureau de Vote procèdent aux opérations ci-après

- arrêté du nombre des votants sur la liste d'émargement et proclamation;
- ouverture de l'urne afin de déterminer le nombre des enveloppes et proclamation.

Si le nombre des enveloppes est plus grand ou moindre que celui des votants, il en est fait mention au procès-verbal.

Le président répartit entre les diverses tables les enveloppes à vérifier.

**Art. 60** - Les bulletins blancs ou illisibles, ceux qui ne contiennent pas une indication suffisante ou dans lesquels les votants se font connaître et les bulletins portant toute autre inscription n'entrent pas et compte dans le résultat du dépouillement mais ils sont annexés au procès-verbal.

**Art. 61** - Les bulletins autres que ceux visés à l'article 60 ci-dessus sont valables bien que le nombre de candidats retenu soit supérieur ou inférieur au nombre des membres à élire.

Les derniers noms inscrits au delà du nombre des sièges à pourvoir ne sont pas comptés.

**Art. 62** - A la fin des opérations de dépouillement, le président du bureau de vote procède sur le champ à la proclamation des résultats du dépouillement et en dresse procès-verbal, dont modèle est annexé au présent arrêté.

Y sont mentionnés l'heure de l'ouverture du scrutin et l'heure à laquelle il a été déclaré clos, l'accomplissement des différentes formalités requises et en général tous incidents qui se sont produits au cours des opérations.

Le procès-verbal, rédigé dans la salle de vote, est signé au moins par trois membres du bureau de vote.

TOKO VI  
Fanivanana

**And. 58** - Aorian'ny famaranana ny latsabato, dia atao ny fanivanana. Atao ampahibemaso ary ao anatin'ny biraom-pifidianana ny fanivanana.

Ny filoha sy ireo mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana dia manao andrimaso ny raharaham-panivanana. Afaka mandray anjara amin'izany koa izy ireo.

Ny biraom-pifidianana dia manendry amin'ireo mpifidy tonga eo isa ampy amin'ny mpanisa vato izay mizara ho latabatra efatra isaky ny latabatra farahafakeliny.

Ny mpanisa vato dia mamarana sy manao sonia ny taratasiny momba ny fanivanana sy ny fanamarinam-pahatongavana momba izany.

**And. 59** - Ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana dia manao ireto raharaha manaraka ireto;

famaranana ny isan'ny mpifidy ao amihin'ny lisitra fanaovan-tsonia sy fanambarana izany ;  
Fisokafan'ny vata fandratsaham-bato mba hamaritana ny isan'ny valopy sy fanambarana izany ;

Raha toa ny isan'ny valopy ka mihoatra ny latsaky ny isan'ny mpifidy, dia horaketina ao anatin'ny fitanana an-tsoratra izany.

Tsinjarain'ny filoha amin'ny latabatra samihafa ny valopy tokony hohamarinina.

**And. 60** - Ny taratasin-datsabato fotsy na tsy hay vakiana, ireo izay tsy misy fanonondroana ampy na ireo izay ampahafantaran'ny mpifidy ny maha-izy azy ary ireo taratasin-datsabato misy soratra hafa dia tsy tafiditra ao amin'ny vokatry ny fanivanana kanefa dia atovana ny fitanana an-tsoratra.

**And. 61** - Manan-kery ny taratasin-datsabato hafa noho ireo voalaza ao amin'ny andinin'ny faha-60 etsy ambony na dia mihoatra ny isan'ny mpilatsa-kofidiana na latsaky ny isan'ny mpikambana hodidiana.

Tsy isaina ny anarana farany voasoratra ankoatra ny isan'ny toerana hofenoana.

**And. 62** - Amin'ny fotoana famaranana ny fanivanana, dia manambara eo no ho eo ny vokatry ny fanivanana ny filohan'ny biraom-pifidianana ka manao fitanana an-tsoratra momba izany izy ka ny modely iray dia atovana izao didim-pitondrana izao.

Voasoratra ao anatin'izany ny ora fisokafan'ny latsabato sy ny ora anambarana fa mikatona izany, ny fahatanterahan'ny fombafomba rehetra takiana ary amih'ny ankapobeny ny zavamanahirana rehetra niseho teo amin'ny fizotry ny raharaham-pifidianana.

Ny fitanana an-tsoratra izay ampandriana an-tsoratra, ao amin'ny efitrano anaovana ny latsabato dia

A ce procès-verbal sont annexés les listes d'émargement, les bulletins blancs ou nuls, les enveloppes et bulletins contestés, les feuilles de pointage signées par les scrutateurs et éventuellement les mandats des délégués et les cartes d'électeur non remises et non retirées.

**Art. 63** - Le procès-verbal par bureau de vote est rédigé et plusieurs exemplaires en fonction, dès destinataires définis ci-après, dont un sera affiché immédiatement à l'extérieur du bureau de vote.

Chaque président de bureau de vote doit faire diligence pour acheminer sans délai, l'original du procès-verbal accompagné des pièces énumérées à l'article 62 ci-dessus, sous pli fermé et par la voie la plus rapide, au responsable du service décentralisé du ministère chargé du commerce, visé à l'article 64 ci-dessous.

Le troisième exemplaire du procès-verbal est immédiatement adressé au président de la Délégation spéciale du Faritany et le quatrième exemplaire à la commission préparatoire pour être affiché avec l'ensemble des résultats de la circonscription électorale de la Chambre concernée.

Et Outre, de candidat et la commune du ressort du bureau de vote peuvent prendre copie du procès-verbal des opérations électorales.

## CHAPITRE VII

### Recensement général des votes, résultats définis et requêtes contentieuses

**Art. 64** - Les procès verbaux de dépouillement dressés par chaque bureau de vote et accompagnés de tous les documents ayant servi aux opérations électorales, les sont centralisées par le responsable du service décentralisé du ministère chargé du commerce.

Ce dernier procède au, recensement général des votes, Au fur et à mesure de l'arrivée des plis fermés, il dresse un procès-verbal constant:

- la date de réception de chacun d'eux, l'état et le Contenu des plis;
- le nombre des enveloppes et bulletins annexés au procès-verbal, avec le cas échéant, indication Si ce nombre ne correspond pas à celui énoncé dans le procès-verbal établi par le bureau de vote;
- le nombre total des électeurs inscrits, des votants, des bulletins blancs ou nuls et des suffrages exprimés.
- le nombre des suffrages exprimés recueillis par chaque candidat.

Il dispose d'un délai maximum de 24 heures à compter

soniavin'ny mpikambana telo ahay ao amin'ny biraom-pifidianana.

Atovana amin'io fitanana an-tsoratra io ny lisitra misy sonia, ny taratasint-datsabato fotsy na tsy manan-kery ny valopy sy taratasin-datsabato notsipahina, ny taratasy fanamarinam-pahatongavana voasonian'ny mpanisa vato ary raha misy ny fanomezam-pahefana ny delege ary ireo kara-pifidianana tsy nomena ny tsy nalaina.

**And. 63** - Ny fitanana an-tsoratra isaky ny biraom-pifidianana dia atao sosony maromaro arakaraky ny olona andefasana azy manaraka etoana ka ny iray dia hatao peta-drindrina avy hatrany eo ivelan'ny biraom-pifidianana.

Ny filohan' ny biraom-pifidianana tsirairay avy dia tsy maintsy mihetsiketsika nba hampandefa tsy misy hatak' andro ny matoan' ny fitanana an-tsoratra miaraka amin' ny singan-taratasy voatanisa eo amin' ny andininy faha-62 etsy ambony, ao anaty valopy mihidy sy amin' ny fomba haingana indrindra, amin' ny tompon' andraikitra ny sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ao amin'ny minisitera miandraikitra ny Varotra voalazan'ny andininy faha-64 etsy ambony.

Ny sosony fahatelo amin' ny fitanana an-tsoratra dia alela eo no ho eo any amin' ny filohan' ny Delegasiona manokan' ny Paritany ary ny sosony fahefatra any amin' ny vaomiera mpanomana mba hatao peta-drindrina miaraka amin'ny fitambaran'ny vokatra azo tao amin'ny fan-pifidianana misy ny Antenimiera voakasika.

Ankoatr' izany, ny delegen' ny mpilatsa-kofidina tsirairay avy sy ny Kaominina miadidy ny biraom-pifidianana dia afaka maka ny kopian' ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana.

## TOKO VII

### Fanisana ankapohe ny vato, vokatra raikitra ary fitoriana noho ny fifanolanana

**And. 64** - Ny fitanana an-tsoratra momba ny ny fanivanana ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy ary ampiarahina amin'ny tahirin-kevitra rehetra nampisaina tamin' ny raharahampifidianana dia angonin' ny tompon' andraikitra ao amin'ny sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ao amin'ny minisitra miandraikitra ny Varotra.

io farany io no manao ny fanisana ankapohe ny vato.

Arakaraky ny fahatongavan' ny valopy be mihidy anaovana ny fitanana an-tsoratra ahitana fototra:

- ny vaninandro naharaisana ny tsirairay avy amin' istry ireo, ny toetra sy ny ao anatin' ny valopy be,
- ny isan' ny valopy sy taratasin-datsabato atovana ny an-tsoratra miaraka, raha ilaina izany amin'ny fanondroana raha tsy mifanandrify amin' izay voalaza ao amin' ny fitanana antsoratra nataon' ny biraom-pifidianana izany;
- ny fitambaran' ny isan' ny mpifidy voasoratra, ny mpandatsa-bato, ny taratasin-datsabato fotsyna maty



de la réception du dernier pli fermé pour clôturer ses opérations. Pour la totalité de la circonscription électorale de la Chambre concernée, il dresse un procès-verbal général

- du tableau de recensement général des votes dans l'ordre décroissant du nombre des voix obtenu par les candidats;

- de toutes ses constatations notamment des irrégularités ou des erreurs qu'il a relevées par bureau de vote.

Il annonce aussitôt les résultats de l'élection pour la circonscription.

Le procès-verbal général est daté et signé par le président et les membres de la commission préparatoire immédiatement donné lecture qui consiste en la proclamation des résultats définitifs de l'élection pour la circonscription de la Chambre concernée. Il est procédé immédiatement à son affichage au siège de la Chambre concernée et partout où besoin sera dans le ressort de la circonscription de ladite Chambre. Copie de ce procès-verbal est transmise aux ministères chargés du commerce et de l'industrie.

**Art. 65** - Les contestations relatives aux élections peuvent être portées et premier et dernier ressort devant la chambre administrative de la Cour Suprême.

La nullité partielle ou totale des élections ne peut être prononcée que dans les cas suivants

- Si l'élection n'a pas été faite dans les formes prévues par le décret n° 98-469 du 2 juillet 1998 portant statuts de la Chambre de Commerce, d'industrie, d'Artisanat et d'Agriculture et par le présent arrêté;
- Si le scrutin n'a pas été libre ou s'il a été vicié par des manœuvres frauduleuses;
- s'il y a une incapacité légale de l'un ou plusieurs élus.

Les membres élus d'une Chambre sont et exercent dès le jour de la proclamation des résultats définitifs du scrutin, nonobstant toutes réclamations ou recours formés dans les conditions prévues ci-dessus.

**Art. 66** - Le responsable du service décentralisé du ministère chargé du commerce transmet par la voie la plus rapide le procès-verbal de toutes ses constatations à la chambre administrative de la Cour Suprême qui est jugé et premier et dernier ressort de toute requête contentieuse relative à l'élection des membres des Chambres de Commerce, d'Industrie, d'Artisanat et d'Agriculture.

Ses arrêts et la matière s'imposent à toutes les parties concernées et aux pouvoirs publics. Ils doivent

être ary ny vato rnanan-kery;

- ny isan' ny vato manan-kery azon' ny mpilatsa-kofidina tsirairay avy.

Manana fe-potoana 24 ora izy raha be indrindra manomboka amin' ny naharaisana ny antontan-taratasy mihidy farany hamaranana ny fididianana. Ho an' ny fitambaran' ny fanpifidianana misy ny Antenimiera voakasika, dia manao fitanana antsoratra ankapobe izy momba

- ny tabilao fanisarn-bato ankapobe ka atao mijotso ny isanibato azon' ny mpilatsa-kofidina;

- ny fanoherana rehetra indrindra indrindra ny tsy fanarahandalàn na ny fahadisoana hasongadiny tao amin' ny birao fandatsaham-bato;

Avoakany avy hatrany ny vokatry ny fididianana tao amin' ny fari-pifidianana io.

Ny fitanana an-tsoratra ankapobe dia asiana daty sy soniavin'ny filoha sy ny mpikambana ao amin'ny vaomiera mpanomana. Vakiana avy hatrany izy io ka ny famakiana azy dia zary fanambarana ny vokatra raikitra ofisialin'ny fididianana ho an' ny fanpifidianana misy ny Antenimiera voakasika tao eo no ho eo ny fametahana azy peta-drindrana ao amin' ny foiben'ny Antenimiera voakasika sy na aiza na aiza hilana izany amin'ny fari-piadian' ilay Antenimiera.

Ny kopian'io fitanana an-tsoratra io dia ampitaina any amiin'ny ministirera miandraikitra ny varotra sy ny indostria.

**And. 65** - Ny fanoherana mikasika ny fididianana dia azo entina am-boalohany sy avy amin' ny farany eo anatrehan' ny

rantsam-pitondran-draharahan'ny Fitsarana tampony. Ny fanafoanana ampahany na manontolo ny fididianana dia tsy azo ammbara raha tsy amin'ireto tarehin-javatra manaraka ireto :

- raha toa tsy nalalaka ny latsabato na simba noho ny fanaovana hosoka;

- raha toa nisy tsy fahafahana ara-dalana teo amin' ny iray na maromaro amin'ireo voafidy.

Ny mpikambana voafidy amina Antenimiera iray dia miasa manomboka amin' ny andro anaovana ny fanambarana ny vokatra raikitra ny latsabatona dia eo aza ny fitarainana lampakarandraharaha natao araka ny fepetra voalaza etsy ambony.

**And. 66** - Ny tompon'andraikitra ny sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ao amin' ny minisitera miandraikitra ny Varotra dia dia mampita amin'ny fomba faran'izay hainganana indrindra, ny fitanana antsoratra ireo fanarnanana rehetra any amin'ny rantsam-pitondran-draharahan' ny Fitsarana Tampony izay mitsara am-boalohany sy any am-parany ny momba izay mety ho fitoriana misy fifanolanana mikasika ny fidiàt'at'a nypikambana ao amin' ny Antenimieran'ny Varotra, ny Indostria, ny Asa tanaana ary ny fambolena.

Ny didim-pitsarana mikasika izany dia mihatra amin' ny andaniny sy ankilany voakasika sy amin'ny

être publiés au *Journal officiel* de la République et affichés partout où besoin sera.

Les recours contentieux n'ont point d'effet suspensif.

**Art. 67** - Cette juridiction est compétente pour connaître toute requête ou contestation qui pourrait s'élever tant au sujet des actes qui constituent les préliminaires des opérations électorales que de sous ceux qui ont trait au déroulement du scrutin et à l'élection des membres titulaires des Chambres de Commerce, d'Industrie, d'Artisanat et d'Agriculture.

Elle est seule compétente pour apprécier la nullité totale ou partielle des élections.

La requête introductive d'instance devant cette juridiction est effectuée directement par dépôt ou par envoi recommandé au greffe. Il en est délivré récépissé ou un reçu de recommandation tenant lieu de récépissé.

La requête établie et double exemplaire et signée doit comporter:

- les nom et prénoms du requérant;
- son domicile;
- une copie légalisée de sa carte d'électeur ou du récépissé de déclaration de perte;
- les motifs de la requête, notamment des nom et prénoms des élus dont l'élection est contestée;
- les moyens et arguments d'annulation invoqués.

Toutes les pièces produites au soutien des moyens doivent annexées à la requête. La Cour apprécie souverainement la force probante des pièces produites. Les intéressés peuvent produire un mémoire et défense dans les quinze jours de la notification de la requête par le greffe. A l'expiration de ce délai, chacune des parties dispose, à tour de rôle d'un délai de quinze jours pour répondre au mémoire et défense ou et réplique.

fitondrain-panjakana.

Tsy maintsy avoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izy ireo ary atao peta-drindrinana aizana aiza hilàna izany.

Ny fampakaran-draharaha momba ny fifantilanana dia tsy mitarika fampiatoana.

**And. 67** - Io fitsarana io dia inanana fahefana hîtsara ny fitoriana fanoherana rehetra izay mety hitranga, mikasika ny sora-panjakana izay zary savaranonando amin' ny raharaham-pifidianana izany na mikasika irco izay momba ny fizotran' ny latsabato sy ny fifidianana mpikambana tompon-tuerana ao amin' ny Antenimieran' ny Varotra, ny Indostria, ny Asa tànana ary ny Fambolena.

Izy izany no hany tokana ataka milaza ny fanafanana ampahany na manontolo ny fifidianana.

Ny fitoriana fampakaran-draharaha eo amin'io fitsarana io dia atao mivantana amin'ny alalan'ny fametrahana na amin'ny fandefasana azy tsy very mandeha any amin'ny firaketan-draharaha. Anomezana tapakila na rosia famarafarana azo ampiasaina ho tapakila izany.

Ny fitoriana atao sosony roa avy voasonia dia misy:

- ny atiarana sy fanampin' anaran' ny mpitory;
- ny fonenany;
- ny kopia voamarina fa ara-dalana amin'ny karapifidiananany na ny tapakila nanambara ny nahaverezany
- ny antony anaovana ny fitoriana, indrindra ny anarana sy fanampin'anaran' ny voafidy kanotsipahina ny fifidianana azy;
- ny fomba sy antony nentina nanafoanana azy.

Ireo singan-taratasy rehetra nentina nanohanana izay dia tsy maintsy atovana ny fitoriana. Ny fitsarana dia masi-mandidy amin'ny fandanjalanjana ny mahamarim-potoana ny singan-taratasy natolotra.

Ny olona voakasika dia afaka manolotra tahirin-kevitra entiny miaro-tena ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro nampahafantaran'ny fikarohandrahaha ny fitoriana. Dila io fepotoana io, ny andaniny sy ankilany dia manana avy, fe-potoana dimy ambin'ny folo andro hamaliana ny tahirin-kevitra fiarovan-tena na hanoherana izany.

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-99-716**  
**momba ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety**

LOHATENY SAVARANONANDO  
FEPETRA ANKAPOBE

**Andininy voalohany.** – Tsy misy mahazo misoratra ao amin'ny rejisitra raha tsy mahafeno ny fepetra takiana amin'ny fisahanana ny asany ary ankoatr'izany, raha fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitry ny isam-batan'olona izy, tsy tanteraka ny fepetra voadidin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery mikasika azy ireo.

**And. 2.** – Ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety dia mizarazara ho rejisitra eo an-toerana, izay ny mpiraki-draharahan'ny rantsana momba ny varotra ao amin'ny fitsrana ambaratonga voalohany tsirairay avy no mitana sy miandraikitra azy ary ny mpitsra voatendry no mpanara-maso, sy ho rejisitra nasionaly tanan'ny minisiteran'ny Fitsarana, izay manambatra ny matoa faharoan'ny rejisitra tanan'ny mpiraki-draharaha tsirairay avy. Ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro naharaisany azy no andefasan'ny mpiraki-draharahan'ny rejisitry eo an-toerana any amin'ny trejisitra nasionaly ny sosony iray amin'ireo fanoratana natao sy sora-panekena ary singan-taratasy napetraka tao.

Ny fomba fitahirizana ny antontan-taratasy sy ny fanaovana azy ieo tsy maty paik'andro dia mitovy amin'ny an'ny firaketan-draharaha.

**And. 3.** – Afa-tsy filazana ataonny avy hatrany mandritra ny paikady fanarenana na paikady famaranan-trosa ara-pitsarana, ny mpiraki-draharaha izay manao ny fanoratana, araka ny fanambarana izany na avy hatrany, mikasika ny fiantombohana na ny fitsaharan-draharaha na ny fikosehana ny anaran'ny isam-batan'olona na fikambanana mizaka zo aman'andraikitry ny isam-batan'olona, dia tsy maintsy mamandre tsy misy hatak'andro ny foibe mahefa misahana ny fomba amam-pitsipika arahin'ny orinasa. Ilazany tora'izany ihany koa io foibe io amin'izay ho fandavana ny fisoratana na fanaovana fanambarana fanitsiana.

**And. 4.** – Ny komity mpandrindra dia mitandro ny fampirindrana ny fampiharana ny fepetran'ny didy aman-dalàna amin'izay mikasika ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety. Miankina amin'ny Foibem-pitondrana ny raharaham-pitsarana io komity io. Ny talen'ny raharaham-pitsarana no filohany, ary isan'ny mpikambana ao ankoatr'izany ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny rejisitra nasionaly, ny mpiraki-draharahan'ny rejisitry ny varotra ao Antananarivo ary mpitsara roa ka ny iray tompon-toerana ny iray mpisolo toerana samy tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitry ny Fitsarana mandritra ny telo taona azo avoazina ary solontena iray avy amin'ny minisiteran'ny Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana.

Ny Komity dia mivory araka ny fanapahan-kevitra ny filohany. Izy no maneho hevitra amin'ny raharaha izay atolotr'ny hodinihan'ny avy amin'ireo olona miandraikitra ny fitanana ny rejisitra. Ankoatr'izany dia azony atao koa, araka ny fangatahan'ny mpikambana ao aminy, ny mandray fanapahan-kevitra mikasika ny raharaha, rehetra mikasika ny fampiasana ny rejisitra. Manao tatitra amin'ny Minisitry ny Fitsarana azy momba ny fahasarotan-javatra sy zava-tsy mety fantany ary manapa-kevitra momba ny fanehoan-kevitra izay tsy maintsy avoaka.

LOHATENY VOALOHANY  
**MOMBA NY FANAMBARANA TSY MAINTSY ATAON'IREO VOATERY HISORATRA**

TOKO VOALOHANY  
**Fanambarana tsy maintsy ataon'ny vatan-tenan'olona**

Sokajy I

*Fanambarana hoenti-misoratra*

**And. 5.** – Ny vatan-tenan'olona mpivarotra dia tsy maintsy mangataka ny fisoratany ao amin'ny firaketan-draharaha ao anatin'ny fe-potoana iray volana mialoha na aorian'ny fiantombohan'ny asam-barotra ataony. Io fisoratana io dia atao ao anatin'ny fari-piadihana izay misy :

1. Na, ny foiben-toeran' ny fanjarianasany raha toa izany ka miavaka amin'izay toeram-piasana fototra
2. Na, ny toeram-piasana fototra ;
3. Na, raha tsy misy toeram-piasana, ny toeram-ponenany.

Tsy misy tokony anaovana fanoratana miavaka amin'ny an'ny sosaiety amin'izay mikasika ny mpiombon'antoka amin'ny anarany.

**And. 6.** – Ambara ao anatin'ny fangatahana hanoratra anarana :

A. Amin'izay mikasika ilay olona :

1° Ny tena anarany arahin'ny anaram-bositra raha misy izany sy ny anaran'ny vadiny, ny fanampin'anarana sy toeram-ponenany manokana ary ny anaram-barotra raha mampiasa izany izy ;

2° Ny daty sy toerana nahaterahany ;

3° Ny zom-pireneny, ankoatra izany raha vahiny izy, ny taratasy izay manome hafefana azy honina eto amin'ny tanim-pirenena malagasy ;

4° Ny daty sy ny toerana nanaovana ny fanambadiany, ny anaran'ny vady itambaram-pananana, ny fitsipika mikasika ny fitondrana nolaniana eo amin'ny fanambadiana, fepetra azo atohitra olon-kafa mametra ny fahafahana mampiasa malalaka ny fananan'izy roroa, ny fangatahana mifototra amin'ny andininy faha-58 entin'ny hitsivolana laharana faha-62-089 tamin'ny 1 oktobra 1962 mikasika ny fanambadiana, ny fangatahana fisaraham-panambadiana ary koa ny didim-pitsarana nanaiky izany fangatahana izany ;

5° Ny fitsiahivana ny fanoratana fanampiny mety ho efa natao ;

B. Amin'izay mikasika ny toeram-piasana :

1° Ny mari-pamantarana, raha mampiasa izany ;

2° Ny na ireo asa sahanina ;

3° Ny toerana misy ny toeram-piasana sy ny toerana misy ny foiben'ny fanjarianasa raha miavaka amin'ny toeram-piasana fototra izany ;

4° Ny vaninandro anombohan'ny fitrandrahana ;

5° Ny fanambarana fa hoe, na fanherana tokontanim-barotra izany, na fividianana antom-barotra efa misy, na fanovàna ny sata ara-pitsarana izay nitrandrahana azy, na tondroina amin'ireo tarehin-javatra roa farany ireo, ny anarana sy fanampin'anaran'ny mpitrandraka teo aloha sy ny fanoratana ao amin'ny rejisitra ;

6° Raha iombonana ny fananana ny singa fototra enti-miasa, ny anarana, fanampin'anarana ary toeram-ponenan'ny mpiombom-pananana ;

7° Raha toa ka misy fampanofana ny fitantanana ny anarana sy fanampin'anarana, ny daty sy toerana nahaterahana sy toeram-ponenan'ny mpampanofa ny tokontanim-barotra, ny vaninandro niatombohan'ny fampanofana, ny fitantanana sy ny fiafarany, miaraka amin'ny filazana fa azo avaozina ny fifanekena raha tsy misy manohitra, raha ilaina izany ;

8° Ny anarana, fanampin'anarana, toerana sy vanin'andro nahaterahana, toeram-ponenana sy zom-pireneny ilay olona manana fahefana mandavanandro hiantoka amin'ny alàlan'ny soniany, ny andraikity ny voatery tsy maintsy hanao fanoratana ;

9° Raha misy fividianana, lavant na fizarana, ny fanondrona ny anaran'ny gazety momba ny filazana ampanaovin'ny lalàna izay anaovana ny famoahana sy ny vaninandro amoahana azy.

Sokajy II

***Fanambarana hoenti-manoratra fanindroany sy hanaovana fiovam-pisoratana na famenony***

**And. 7.** – Izay mety ho mpivarotra voasoratra ao amin'ny rejisitra ka manokatra sakelika toeram-piasana na mamindra ny foiben'ny antokon-draharahany dia tsy maintsy ao anatin'ny fe-potoana iray volana, aloha na aorian'ny fisokafany mangataka amin'ny firaketan-draharaha ao amin'ny faritra izay miadidy ny toeram-piasana :

- fanoratana fanindroany raha toa ka tsy voasoratra ao amin'ny fari-piadian'io tribonaly io izy ;
- fanoratana fanampiny, raha tsy izany.

Atao hoe sakelika toeram-piasana, amin'ny hevitr'ity rijan-teny ity, izay mety ho toeram-piasana maharitra, miavaka amin'ny foibem-pikambanana na amin'ny toeram-piasana fototra ary tantanin'ilay voatery hisoratra, olona nomem-pahefana hifandray ara-pitsarana amin'ny olon-kafa.

Ny fampahafantarana ny fanoratana vaovao na ny fanovàna izany dia ataon'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny foiben-toerana vaovao na amin'ny toeram-piasana vaovao ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro amin'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny foiben-toerana na ny toeram-piasana taloha. Avy hatrany ity mpiraki-

draharaha farany ity dia, araka ny fisehoan-javatra, na mamono ny soratra, na manao ny soratra hitsiny ao min'ny antontan-taratasy eo am-pelatanany. Ampahafantariny ny voatery tsy maintsy hisoratra sy ny mpiraki-draharaha ao amin'ny foiben-toerana na toeram-piasana vaovao ny fahatanterahan'izany fepetra izany.

**And. 8.** – Ambara ao anatin'ny fangataham-pisoratana fanampiny na fanoratana famenony ireo filazalazana mikasika ny zana'orinasa voalaza ao amin'ny B, andininy faha-6.

Tsiahivina koa ao antin'ny fangataham-pisoratana fanampiny ny anarana nahaterahana, miampy, raha misy izany, ny anaram-bositra ary ny anaran'ny vady, ny fanampin'anaranan'ny mpivarotra mbamin'ny laharam-pisoratany fototra.

**And. 9.** – Izay mety ho fanovàna mahatonga ho tsy maintsy atao ny fanitsiana na famenoana ny filazana voalaza ao amin'ny andininy faha-6 sy faha-8 dia ao anatin'ny fe-potoana iray volana anaovan'ny mpivarotra na, raha maty izy, ataon'ireo olona voalaza ao amin'ny andininy faha-10, 7°, fangatahana fanovam-pisoratana.

Na izany aza anefa dia tsy maintsy ampiharina ireo fepetra ireo :

- amin'ny fanaovana ho tsy maty paik'andro ireo fitsiahivana natao tamin'ny fisoratan fototra, sy ny fisoratana fanampiny ; amin'izay fotoana izay dia avy hatrany no hanaovan'ny mpiraki-draharaha miandraikitra ny fisoratana fototra ny sora-panovàna rehefa nampahafantariny mpiraki-draharaha nanao ny fisoratana fanampiny na mamono nysoratra izy ;
- amin'ny fanaovana ho tsy maty paik'andro ny filazalazana mikasika ny toe-draharaha manokana mikasika ny voatery hisoratra ; amin'izay fotoana izay dia ataon'ny mpiraki-draharaha miandraikitra ny fisoratana fanampiny ny sora-panitsiana na famenony rahefa naupahafantariny mpiraki-draharaha nanao ny fanovam-pisoratana, tandrify izany izy.

**And. 10.** – Tafiditra ao anatin'ny fanerena voalazan'ny andàlana voalohany amin'ny andininy etsy aloha :

1° Ny fanapahan-kevitra raikitra mametraka olona tonga taona iray eo ambany fiahiana na fanotronan'olon-kafa sy ireo izay ahazoana manaisotra na nanafoana azy ireny, amin'izay fotoana izay dia iantsorohan'ny mpiahy na ny mpanotroa ny fanavaana ny fanambarana ;

2° Ny fanovana mikasika ny fipetraka eo amin'ny fanambadiana ny fanapahan-kevitra raikitra, raha misy izany, manamarina fa ara-dalàna izy ireo araka ny fisehoan-javatra voalaza ao amin'ny andininy 64 (4°) mbamin'ny fanovàna ny fifanekem-panambadiana; amin'izay tarehin-javatra farany izay dia faritan'ny fanambarana ny sata nofidina hifehy ny fanambadiana ary koa ny fepetra azo ifantrehana amin'olon-kafa mametra ny fahafahana mampiasa malalaka ny fananan'ny mpivady nany tsy fisian'izany fepetra izany ;

3° Ny fahafatesan'ny vady,

4° Ny fanendrena sy ny fampitsaharana amin'ny asany ilay olona manana fahefana handray ilay voatery hisoratra araka ny fomba mahazatra sy amin'ny alàlan'ny soniany ;

5° Ny fitsaharana amin'ny ampahany ihany amin'ny asa natao ;

6° Ny fitsaharana tanteraka amin'ny lahasa, miaraka amin'ny fahazoana mitàna vonjimaika ny fisoratana mandritra ny herintaona raha be indrindra ;

7° Ny fahafatesan'ilay voatery hisoratana, miaraka amin'ny fahafahana hitàna vonjimaika mandritra ny herintaona raha ela indrindra ny fanoratana ary, raha mitohy ny fitrandrahana, ny fepetra fitrandrahana, anarana, fanampin'anarana, toeram-ponenana, ary ny maha-mpandova sy mpanan-jo tokana azy, anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana naterahana, zom-pirenena ary ny toetry ny olona hiandraikitra ny fitrandrahana ; amin'izay fotoana izay dia ataon'ny na ireo olona manohy ny fitrandrahana ny fanambarana ;

8° Ny fanavaozana, voafetra ho aminà vanim-potoana amboniny maharitra herintaona, ny fitàna vonjimaika ny fisoratana amin'ireo tarehin-javatra voalaza ao amin'ny 6° sy 7° etsy ambony.

### Sokajy III

#### *Fanambarana hoenti-mamono soratra*

**And. 11.** – Ny mpivarotra rehetra voasoratra dia, ao anatin'ny fe-potoana iray volana mialoha na aorian'ny fitsaharany tanteraka amin'ny raharaham-barotra ataony ao amin'ny fari-piadidian'ny tribonaly iray, tsy maintsy mangataka ny fikosehana ny anranany miaraka amin'ny vaninandro itsaharany amin'ny asa, afa-tsy amin'ireo fisehoan-javatra voalaza amin'ny andininy faha-10-6°.

Raha misy fahafatesan'ny mpivarotra, dia atolotry ny mpandova na mpanan-jo tokana nyfangatahana afa-tsy amin'ny tarehin-javatra voalazan'ny andininy 10-7°

Raha toa ka vokatra ny famindrana nylahasa ao amin'nyfari-piadidian'ny tribonaly iray hafa ny fitsharana amin'ny asa, dia atao avy hatrany ny famonoana nyanarany rahefa nampahafantariny mpiraki-draharaha nanao ny fanoratana vaovao izy.

Toko II

**Fanambarana tsy maintsy ataon'ny fikambanana mizaka zo aman'andraikitra**

Sokajy I

***Fanambarana hoenti-misoratra***

**And. 12.** – Ny fikambanana mizaka zo aman'andraikitra voatery hisoratra, manana nyfoiben-toerany eto aminny tanin'ny Repoblika malagasy, dia tokony hangataka io fisoratana io amin'ny firaketan-draharahan'ny tribonaly izay ao anatin'ny fari-piadidiany ny foiben-toerany.

Raha toa ka any ivelany no misy ny foiben-toerana, dia tokony angatahana ao amin'ny firaketan-draharahan'ny tribonaly izay ao anatin'ny fari-piadidiany no fanokafana ny toeram-piasana voalohany.

Ny fanoratana ny sosaiety sy ny vondrona mikendry tombotsoa ara-toekarena dia angatahina faran'izay haingana indrindra aorian'ny fanatontosana ny fepetra momba ny fanonerana ary indrindra ireo fepetra momba ny fampahafantarana ny besinimaro ; ny an'ireo fikambanana hafa mizaka ny zo aman'andraikitra ny isambatan'olona dia angatahina ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro isokafan'ny foiben-toerana na ny toeram-piasana.

**And. 13.** – Ambara ao amin'ny fangataham-pisoratan'ny sosaiety :

**I.** – Amin'izay mikasika ny vatan-tenan'olona :

1° Ny anaram-pikambanana na anarana iantsoana, arahin'ny raha misy ilàna izany, fanafohezana anarana, ny anaram-barotra, raha mampiasa izany ;

2° Ny endriny araka ny lalàna ka marihina, raha ilaina ny fanondroana ny sata manokana ara-dalàna mifehy ny sosaiety ;

3° Ny habetsahan'ny renivolam-pikambanana ; raha miovaova ny renivola, dia ny habetsahan'io ambany indrindra tsy azo ampihenana azy ;

4° Ny adiresin'ny foibem-pikambanana ;

5° Ny lahasa sahanin'ny fanjaranasa ;

6° Ny faharetan'ny sosaiety voafetry ny fitsipi-pikambanana ;

7° Ny faharetan'ny sosaiety tsy maintsy mamoka ho fanta-bahoaka ny kaontim-bolany sy ny famisavisany ny toe-draharaha isan-taona, ny vaninandro amaranana ny taom-piasana ;

8° Ny anarana sy fanampin'anarana ary toeram-ponenana manokan'ny mpiobon'antoka voatery hatrany sady miaraka hizaka ny trosan'ny fikambanana, ny vaninandro sy toerana nahaterahany, ny filazalazana mikasika ny zom-pireneny sy ny fipetrany eo amin'ny fanambadiana voalazan'ny A (3° sy 4°) amin'ny andininy faha-6 ;

9° Ny anarana sy fanampin'anarana, vaninandro sy toerana nahaterahana, toeram-ponenana manokana, filazalazana mikasika ny zom-pirenena voalaza ny A (3°) amin'ny andininy faha-6 ho an'ny :

a. Mpiobon'antoka sy olon-kafa manana fahefana hitarika sy hitantana na manana fahefana hampiditra andraikitra ny sosaiety araka ny fomba mahazatra miaraka amin'ny fanamarihana ho an'ny tsirairay avy, raha toa ilay izy ka fikambanam-barotra, na ampidiriny andraikitra samy irery na iarahany, ny sosaiety eo anatrehan'ny olon-kafa.

b. Raha misy ilàna izany, mpihevi-draharaha, mpitantana ary mpanamarin-kaonty ;

10° Ho an'ny sosaiety vokatry ny fampivondronana na ny fampisarahana, ny fanondrona ny anaram-pikambanana, ny anarana, ny endrika ara-pitsarana, ny foibem-pikambanana ary laharam-pisoratan'ny sosaiety rehetra nandray anjara tamin'izany ;

11° Ny fitsiahivana ny fanoratana fanampiny mety ho natao.

**II.** Amin'izay mikasika ny fikambanana mizaka zo aman'andraikitra ka manana ny foiben-toerany any ivelany :

1° Ny anaram-pikambanana na anarana, miaraka raha ilaina izany, amin'ny fanafohezana anarana, ny anaram-barotra, raha toa ka mampiasa izany ;

2° Ny endriny araka ny lalàna ary raha misy izany, ny fanondroana sy sata manokana ara-dalàna mifehy ilay sosaiety ;

3° Ny habetsahan'ny renivolam-pikambanana amin'ny lelavola vahiny ; raha miovaova ny renivola, dia ny farafahakeliny izay tsy azo ampihenana azy ;

4° Ny adiresin'ny foibem-pikambanana any ivelany ;

5° Ny asa sahanin'ny sosaiety any ivelany ;

6° Ny faharetan'ny sosaiety feran'ny fitsipi-pikambanana ;

7° Ny vaninandro amaranana ny taom-piasana ;

8° Raha misy ilàna izany , ny anarana, fanampin'anarana, ary toeram-ponenana manokan'ireo mpiombon'antoka voatery hatrany sady miaraka hizaka ny trosan'ny fikambanana, ny vaninandro sy toerana naterahany, ny filazalazana mikasika ny zom-pirenena sy ny fipetrany mikasika ny fanambadiana voalaza ao amin'ny A (3° sy 4°) amin'ny andininy faha-6 ;

9° Ny anarana, fanampin'anarana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, toeram-ponenana manokana, filazalazana mikasika ny zom-pirenena voalaza ao amin'ny A (3°) amin'ny andininy faha-6 ho an'ny :

a. Mpiombon'antoka sy olon-kafa manam-pahefana hitarika sy hitantana na manana fahefana hamppiditra andraikitra ny sosaiety araka ny fomba mahazatra miaraka amin'ny fanamarihana ho an'ny tsirairay avy, raha toa ilayizy ka fikambanam-barotra, na ampidiriny andraikitra samy iery na iarahany, ny sosaiety eo antrehan'ny olon-kafa ;

b. Raha misy ilàna azy, mpihevi-draharaha, mpitantana ary mpanamarin-kaonty ;

10° Ny lalàna izay ampiharina aminy mbamin'ny toerana sy laharam-pisoratany raha mitsinjo izany ny lalàna vahiny ,

### III. Amin'izay mikasika ny antokon-draharaha :

Ny filazalazana voalaza ao amin'ny B amin'ny andininy faha-6, afa-tsy ireo izay voalaza ao amin'ny faha-4, faha-5, faha-6 ary faha-7 raha toa ilay izy ka fikambanam-barotra izay manana ny foiben-toerany any ivelany, sy ireo izay voalaza ao amin'ny faha-5, faha-6 ary faha-7 raha toa ilay izy ka tsy fikambanam-barotra.

**And. 14.** – Ambara ao anatin'ny fangataham-pisoratana ataon'ny vondrona mikasika tombotsoa arar-toekarena :

#### A. Amin'izay mikasika ny fikambanana :

1° Ny anaran'ny vondrona miaraka, raha ilaina izany, amin'ny fanafomezana anarana, ny anaram-barotra raha mampiasa izany ;

2° Ny adiresin'ny foibe ;

3° Ny tena asa sahanin'ny vondrona sy raha toa izy ka sivily na ara-barotra ;

4° Ny faharetan'ny vondrona ;

5° Ho an'ny vatan-tenan'olona tsirairay avy, mpikambana ao amin'ny vondrona, dia ny filazalazana voalaza ao amin'ny A (1°, 2°, 3° ary 4° ) amin'ny andininy faha-6, ary raha misy ilàna izany, ny laharam-pisoratan'ireo olona ireo ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety mbamin'ny fanondroana ny olona afahana amin'ny trosa efa natao talohan'ny nidirany tao amin'ny vondrona ;

6° Ho an'ny fikambanana tsirairay avy, mpikambana ao amin'ny vondrona, dia ny filazalazana voalaza ao amin'ny I (1°, 2° ary 4°) amin'ny andininy faha-13, ary, raha misy ilàna izany, ny laharam-pisoratan'ireo fikambanana ireo ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety ;

7° Ho an'ireo mpihevi-draharaha sy olona miandraikitra ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny kaonty, ny anarana sy ny fanampin'anarana, ny daty sy toerana nahaterahana, toeram-ponenana manokana mbamin'ny filazalazana mikasika ny zom-pirenena voalaza ao amin'ny A amin'ny andininy faha-8 ;

8° Ny fitsiahivana ny fisoratana fanampiny mety ho natao ;

#### B. Amin'izay mikasika ny antokon-draharaha :

Ny filazalazana voalaza ao amin'ny B amin'ny andininy faha-6, afa-tsy ireo izay voalazan'ny 5°, 6° ary 7° raha toa ilay izy ka vondrona tsy misahana varotra.

**And. 15.** – Ambara ao antin'ny fangataham-pisoratana ataon'ny antokon-draharaha-panjakana misahana indostria sy varotra voalaza ao amin'ny 6 amin'ny andininy faha-5-1 amin'ny lalàna laharana faha-99-025 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny mangarahara amin'ny fanjarianasa.

A. Amin'izay mikasika ilay olona :

1° Ny filazalazana voalaz ao amin'ny I-1°, 4°, 5° ary 10° amin'ny andininy faha-13 ;

2° Ny endriky ny orinasa sy ny fanondroana ny vondron'olona izay iasany na mitrandrka azy ;

3° Raha misy izany, ny vaninandro amoahana ny sora-panjakana ao amin'ny *Gazetim-panjakana*, sora-panjakana nanome alàlana ny fananganana azy, ny sora-panjakana nanova ny fandaminana azy ary ny fitsipika na ny fitsipi-pikambanana aizay mamaritra ny fepetra mombany fampandehanana azy ;

B. Amin'izay mikasika ny antokon-draharaha :

Ny filazalazana voalaza ao amin'ny B amin'ny andininy faha-6.

**And. 16.** – Ambara ao anatin'ny fangatahana fisoratana ataon'ny fikambanana voalaza ao amin'ny 4° amin'ny andininy faha-5-1° amin'ny lalàna laharana faha-99-025 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny mangarahara amin'ny fanjarianasa ny filazalazana voalaza ao amin'ny andininy faha-13. Ireo filazana ireo dia azo ampifanarahana araka ny didim-pitondrana iarahan'ny Minisitry ny Fitsarana sy ny Minisitra voakasika manao.

**And. 17.** – Raha misy famindrana ny foiben-toerany, ny tena toeram-piasana, ny toeram-piasana fanampiny ho amin'ny fari-piadianà tribonaly hafa, ny fikambanana voasoratra dia tsy maintsy, ao anatin'ny volana diavina, mangataka

*a* .Fanoratana vaovao ao amin'ny fari-piadian'io tribonaly io raha mbola tsy voasoratra tao izy, ho famenony ;

*b* .Fanovana ny fanoratana fanampiny ho fanoratana fototra amin'ny tarehin-javatra mifanohitra amin'izany, miaraka amin'ny fanondroana, araka izay ilàna izany, ny filazalazana voalaza ao amin'ny andininy faha-13, faha-14 ary faha-15.

Ny fampahafantarina ny fanoratana vaovao na ny fanovana ny fanoratana fanampiny dia ataon'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny foiben-toerana vaovao amin'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny foiben-toerana taloha, ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro. Avy hatrany io farany io, araka ny antontan-taratasy eo ampelatananany, dia, na mamono ny anarany na manao ny filazana mifanandrify amin'izany, araka ny fisehoan-javatra. Ampahafantariny ny fahatanterahan'io fepetra io amin'ilay voatery hisoratra sy amin'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny misy ny foiben-toerana vaovao.

Sokajy II

**Fanambarana hoenti-manao fanoratana fanampiny, fisoratam-panovana sy famenony**

**And. 18.** – Ny fikambanana vita fisoratana izay manokatra toeram-piasana fanampiny dia, araka ny isehoanjavatra, mangataka ny fanoratana fanampiny na ny fanoratana famenony araka ny fepetra voalaza ny andininy faha-7.

Na izany aza anefa, io fanerena io dia tsy ampiarina amin'ireo fikambanana voalaza ao amin'ny 6° amin'ny andininy 5-1° amin'ny lalàna laharana faha-99-025 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny mangarahara amin'ny fanjarianasa, izay tondroina amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana iarahan'ny Minisitry ny Fitsarana sy ny Minisitra miandraikitra ny Fanaraha-maso ny fikambanana manao.

**And. 19.** – Ambaran'ny fikambanana mizaka zo aman'andraikitra ao anaty fangatahana fanoratana fanampiny na fisoratana famenony ireo filazana mikasika ny orinasa tondroin'ny B amin'ny andininy faha-6, afa-tsy izay tondroin'ny 5°, 6° ary 7° raha fikambanana mizaka zo aman'andraikitra tsy manao ny varotra ho anton-draharaha.

Tsiahivina ao anaty fangatahana fanoratana fanampiny ankoatra izany ny laharam-panoratana fototra sy ny fanazavana tondroin'ny :

- I(1°, 2° ary 4°) amin'ny andininy faha-13 ho an'ireo sosaiety :

- A (1° sy 2°) amin'ny andininy faha-14 ho an'ireo vondrona misahana tombontsoa ara-toekarena ;

- ary I(1° sy 4°) amin'ny andininy faha-13 sy A (2°) amin'ny andininy faha-15 ho an'ireo fikambanana hafa mizaka zo aman'andraikitra.

**And. 20.** – Rahefa fikambanana mizaka zo aman'nadraikitra efa voasoratra, dia tsy maintsy mangataka fisoratana fanovana, ao anatin'ny iray volana nitrangana toe-javatra na sortra mitaky tsymaintsy hanakinana na hamenoana ireo fitanisana tondroin'ireo andininy etsy aloha.

Na izany aza dia tsy ampiarina kosa ireo fepetra ireo :



- raha atao tsy maty paik'andro ny fanampiny efa vita anatin'ny fanoratana fototra amin'ireo fanoratana fanampiny ; ny sora-panitsiana amin'izay dia ataon'ny mpiraki-draharaha nanao ny fanoratana fototra avy hatrany rehefa nampahafantariny ny mpiraki-draharahan'ny fanoratana fanampiny izay nanao ity farany ity na famonoan-tsoratra ;

- raha atao tsy maty paik'andro ny fanazavana momba ny toe-piainana manokan'ily voatery hisoratra ao amin'ny fanoratana fanampiny ; ny sora-panitsiana na famenony amin'izay fotoana izay dia ataon'ny mpiraki-draharaha nanao ny fanoratana fanampiny rehefa nampahafantariny ny mpiraki-draharaha manao ny fanoratana fanitsiana mifanandrify amin'izany.

**And. 21.** – Ny adidy tondroin'ny andalana voalohany amin'ny andininy etsy aloha dia mahasahana :

- ny fampitsaharana tanteraka na ampahany amin' ny asa ao anatin'ny fahefan'ny fitsarana nanaovana ny fanoratana fototra na dia tsy misy aza ny fandravana ilay orinasa ;

- ny fampitsaharana tanteraka na ampahany ny asa fanaon'ny orinasa ao anatin'ny fahefan'ny fitsarana nanaovana ny fanoratana fanampiny.

- ny fandravana na ny fanapahana manafonana fikambanana mizaka ny zo aman'andrakitra na inona na inona antony miampy ny fanondroana ny anarana, fanampin'anarana, ny fonenan'ireo mpamaram-pananana, ny fahefana nomena azy ireo sy ny fitsiahivana aminà gazety misy filazalazana ampanaovin'ny lalàna izay namoahana ny fanendrena ny mpamaram-pananana ary ny vaninandro namoahana azy.

Raha misy fanakambanana na fisarahan'ily sosaiety, ny fanambarana ny anton'ily fandravana na fampitomboana ny renivola ary y anrana entiny na anaram-pikambanana, endrika araka ny lalàna ary foiben'ireo fikambanana mizaka zo aman'andrakitra nandray anjara tamin'izany.

### Sokajy III

#### *Fanambarana raha hamono sora-pisoratana*

**And. 22.** – Ny fanafoanana ny fanoratana fototra ho an'ireo fikambanana mizaka ny zo aman'andrakitra izay iharan'ny fandravana dia angatahan'ny mpamaram-pananana ao anatin'ny iray volana manomboka ny famoahana ny fahataperan'ny famaranam-pananana.

Ny fanafoanana ny fanoratana fototra hoan'ireo fikambanana mizaka zo aman'andrakitra hafa dia tsy maintsy angatahana ao anatin'ny iray volana hitsaharan'ny asa ao anatin'ny fari-piadian'ny fitsarana. Ny fanafoanana ny fanoratana fanampiny ho an'ny fikambanana mizaka zo aman'andrakitra dia tsy maintsy angatahana ao anatin'ny iray volana hitsaharan'ny asa ao anatin'ny fari-piadian'ny fitsarana.

Raha toa ka mitambatra ho iray ny anjara renivola rehetra anà sosaiety afa-tsy hoe sosaiety misahana andrakitra voafetra, ny fanafoanana ny fanoratana dia takian'ily mpikambana tokana ao anatin'ny iray volana manomboka ny fanatontosana ny famindram-pananana.

### Toko III

Fanambarana tsy maintsy ataon'ireo fisoloan-tena na msoivoho ara-barotra anà Firenena, vondrom-pitantanana na orinasam-bahoaka vahiny

**And. 23.** – Ireo fanambarana tsy maintsy ataon'ireo Firenena, vondrom-pitantanana na orinasam-bahoaka vahiny izay manangana fisoloan-tena na masoivoho ara-barotra eo amin'ny tanim-pirenena malagasy dia voafarit'ireo fepetra voatondron'ireo andininy faha-15, 18 hatramin'ny faha-22 amin'izao didim-panjakana izao.

LOHATENY II  
**FOMBAFOMBA FISORATANA AM-BOKY**

TOKO VOALOHANY  
**Fisoratana miankina aminà fanambarana**

Sokajy I

*Fanolorana ireo fanambarana*

**And. 24.** – Sosony roa amin'ireo fangatahana no aseho ny mpiraki-draharahan'ny fitsrana mahefa araka ireo raikisoratra atovana izao didim-panjakana izao.

Ny fanambarana iray dia mety manana fisoratana fanovana maromaro raha toa ireo toromarika voalaza miara-miseho na mifampiankina raha ny fe-potoana ara-dalàna ary mikasika ilay fanoratana iray ihany.

Ny fanambarana iray dia mety manana fisoratan famenony sy fiisoratana fanovana miara-miseho na mifampiankina voalaza araka ny fe-potoana ara-dalàna.

Ampiarahina amin'ny fangatahana ny sora-panekena sy ny taratasy fanamarinana tondroin'ny andininy faha-53 hatramin'ny faha-63 eo ambany, ary koa ny taratasy fanamarinana manaporofa fa feno ireo didy tondroin'ny andininy voalohany. Na izany aza, ny mpitsra dia afaka manome alàlana manokana raha misy taratasy iray tsy feno, na tena raikitra na vonjimaika. Amin'ity farany ity dia atao ny fanafoanan avy hatrany raha tsy cvonona amin'ny fe-potoana voafetra ny taratasy.

Ny taratasy fanamarinana dia tehirizina ao amin'ny mpiraki-draharahan'ny fitsrana raha tsy hoe hafa noha izany no ao amin'ny tovana.

Ny lisitry ny taratasy fanamarinana dia voafaritra ao anain'ny tabilao atovana manaraka eto.

**And. 25.**– Ny olona mangataka fanoratana azy ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety dia manaporofa ny fahazoany misitraka ny na ireo trano atao foiben'ny orinasa, mitokana na miaraka amin'ny hafa ; na raha any ivelany ity farany ity, ny masoivoho, ny sakelika na ny fisoloan-tena miorina eo amin'ny tanimpirenena malagasy.

**And. 26.** – Ny olona manorina ny foiben'ny orinasany, na raha any ivelany no misy ny foibe na masoivoho na sakelika na fisoloan-tena ao amin'ny trano ampiasaina orinasa iray na maromaro miaraka, dia mampiseho ho fanampin'ny fangatahana fanortana ny fifanekena fanofana trano nifanaovana momba izany amin'ny tompon'ny fifanekem-panofana amin'ny trano.

Ao anaty fifanekena vita an-tsoratra dia tsy maintsy voalaza fa haharitra telo volana farafahakeliny ary afaka mitohy avy hatrany, raha tsy hoe misy fampandrenesana mialoha fanafoanana, dia mifanakaiky ny roa tonta fa hanaja ireto fepetra manaraka ireto :

Ilay mpanome ny trano dia tsy maintsy maintsy voasoratra ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety mandritry ny fotonana hampiasana ny trano; na izany, ity fepetra ity dia tsy ilaina raha toa ilay mpanome ny trano fikambanana mizaka ny zm-panjakana ;

Ilay mpanome ny trano dia manome alàlana malalaka an'ilay mpanofa ny trano ahazoan'ireo rantsa-mangaika miandraikitra ny fitantanana, ny fitondran-draharaha na ny fanaraha-maso ny orinasa manao fivoriana ara-potoana sy ny fametrahana sampan-draharaha ilaina amin'ny fitànana, fitahirizina sy ny fizahana ireo boky, rejisitra sy tarihin-kevitra voatondron'ny lalàna sy ny fitsipika ;

Ilay mpanome ny trano dia manaiky hampandre ny fitsarana ny amin'ny fahataperan'ny fifanekena na ny fitsaharan'ny fanofana nataon'ialy orinasa amin'ny trano raha toa misy fanafoanana azy.

Ny fifanekena hipetraka dia voasoratra ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety miampy ny fanondroana ny orinasa mpanofa.

Ilay olona mpanofa dia manaiky ny hiandraikitra fa hampiasa tokoa ary momba izany ihany ny trano na ho masoivoho, sakelika na fisoloan-tena raha any ivelany ny foibe. Manambara hampahafantatra ny mpampanofa izay mety ho fanovana momba ny asa ataony. Ankoatra izay dia raisiny ho andraikitra ny hanambara fa :

- raha mizaka ny zon' ny isam-batab-olona izay, izay fanovana mikasika ny sora-piankohonany sy ny trano fonenany samy irery sy ;

- raha fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra, izay fanovana mikasika ny endrika araka ny lalàna sy ny antony ary koa ny anarana sy fonenana manokan'ny olona afaka mampiditra andraikitra azy amin'ny ankapobeny.

Ilay mampiasa ny trano dia manome fahefana ilay mpanome ny trano izay manaikiy izany handray amin'ny anarany ny fampahafantarana rehetra. Ny sosaiety sy ny dakeliny izay manorina ny foiben'ny ao amin'ny toerany izay efa ampiasain'ny iray dia tsy voatery hanao fifanekena hipetraa amin'izy samy izy.

**And. 27.** – Omen-dàlana ny olona mangataka ny hanoratana, amin'ny andro hanorenany ny orinasany, na dia eo aza ny fepetra ara-dalàna sy filazana mifanohitra, hametraka ny foibe ao amin'ny trano fonenana na ao amin'ny an'ny solontenany ara-dalàna mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny roa taona na mihoatra ny fetra ara-dalàna, ara-pitsarana na araka ny fifanekena amin'ny fampiasana ny trano.

Mialoha ny hametrahana ny fangatahana, dia tsy maintsy mampandre an-taratasy ny tompo-trano na ny sendikà amin'ny samy tompony ny fikasany hampiasa ny fahefany araka ny voatondron'izao andàlana izao.

Mialoha ny hahataperan'izany fe-potoana izany, dia tsy maintsy mampita amin'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana, mba tsy ho voavona anrana avy hatrany, ny titra manamarina ny fizakana ny trano ampiasaina ho foiben'ny orinasany. Tsy mety araka izany, vokatr'ity andininy ity, na ny fanovana ny fampiasana ny trano, na ny fampiharana ny sata momba ny fifampanofana ara-barotra.

**And. 28.** – Ny fangatahana fisoratana dia soniavin'ilay votery hisoratra na namindrany fahefana ary manaporofa amina karatra sy fanomezam-pahefana voasoniany raha momba ialy namindrany-pahefana.

Na izany aza :

1° Ny fangatahana fisoratana fanovana sy fanafoanana dia azon'ny olon-kafa mety ahazo tombontsoa miaraka soniavina ; raha ny vadiny no manao ny fangatahana dia ampahafantar'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana azy izany ; tsy maintsy mampahafantatra azy momba izany ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana ao anatin'ny valo andro amin'ny alàlan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fangatahana filazana porofom-pandraisana alohan'ny fisoratana raha tsy misy fanohanana ataony anatin'ny 15 andro manomboka ny andro handraisana ny taratasy ;

2° Ny *notaire* izay manoratra ny sora-panekena mirakitra, ho an'ireo nahazo tombontsoa, ny sakana mety hiseho momba ny rejisitra dia tokony hikarakara ny fombafomba tandrify izany ;

3° Ny fangatahana narafitra avy amin'ny fototry ny andininy faha-58 amin'ny hitsivolana laharana faha-62-089 tamin'ny 1 oktobra 1962 momba ny mariazy, ary koa ny fangatahana fanasarahana ireo fananana dia tsy maintsy ambaran'ny vadin'ny mpangataka amin'ny mpiraki-draharaha ao anatin'ny fe-potoana telo andro.

**And. 29.** – Izay mety ho fisoratana famenony, fisoratana fanovana sy fanafoanana dia tokony mampahatsiahy :

- ny anarana, na anarana fampiasa, ny laharam-panoratana, ny fototr'asa atao ho an'ireo fikambanana mizaka ny zon'ny isam-batan'olona ;

- ny anarana entiny na ny anaram-pianakaviana ny laharam-panoratana ny endrika ny lalàna, adiresin'ny foibe, ny fototr'asa atao ho an'ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra.

## Sokajy II

### *Taratasy fanamarinana*

**And. 30.** – Ny fangatahana, raha toa ka izany, dia ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinana araka ny voatondron'ny tabilao atovana ity didim-panjakana ity. Ireo taratasy ireo dia tahirizina ao amin'ny mpiraki-draharahan-ny fitsarana raha tsy hoe hafa noho izany no feran'ny tovana. Amin'ny vaninandro anaovana ny fisoratana no hamerena ny mampanan-kery ireo taratasy fanamarinana ireo.

**And. 31.** – Rehefa manao ny fangataham-panoratana fototra, ireo filazana mikasika ny fikambanana voalaza anaty fangatahana di a voamarin'ireo taratasy voatanisa eto ambany :

- ho an'ireo fikambanana mizaka ny zon'ny isam-batan'olona, ao anatin'ny tovana **I** ;

- ho an'ireo sosaiety mizaka ny lalàna malagasy, ao antin'ny tovana **II** ;

- ho an'ireo sosaiety vahiny, ao antin'ny tovana **III** ;

- ho an'ireo vondrona misy tombotsoa ara-toekarena, ao anatin'ny tovana **IV** ;

-ho an'ireo orin'asam-panjakana malagasy, sy ireo fisoloan-tena na masoivoho ara-toe-karena anà Fanjakana, vondrom-bahoaka na orin'asam-panjakana vahiny, ao antin'ny tovana **V** ;

-ho an'ireo fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra hafa tsy ara-barotra, ao antin'ny didim-pitondrana manokana izay mifehy azy.

**And. 32.** – Amin’ny fangataham-panoratana fototra na fanampiny na fisoratana famenony, ny filazana mikasika ilay fikambanana voalaza ao anatin’ny fangataham-panoratana na fisoratana dia voamarina, raha ilaina izany, araka ireo taratasy voatondron’ny tovana **VI**.

**And. 33.** – Rehefa manao fangataham-panoratana vokatry ny famindrana ny orinasa voalohany na foiben-toeran’ny mpangataka ao anatin’ny fari-piadiadian’ny fitsarana hafa noho izay nanoratana teo aloha, ny mpangataka dia tsy maintsy mampiseho ny tena soratry ny fanoratana teo aloha araka ny voatondron’ny tovana **II** sy ny tovana **IV** mba tsy hamoronany ny taratasy mombany filazana tsy niova amin’ny fanoratana vaovao.

**And. 34.** – Rehefa nanao fangatahana fanoratana fanovana, tsy maintsy mampiseha ireo taratasy voatondron’ireo tovana ny mpangataka hatramin’ireo mamaritra ny fanaovana sy fanampiana natao.

**And. 35.** – Ny mpitsara nampanaovina ny fanaraha-maso ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety dia mangataka ny taratasy fitanisan-tsazy an’ny :

- vatan-tenan’olona tsy maintsy manao ny fanoratana am-boky sy ireo “*fondés de pouvoir*” ;
- vatan-tenan’olona voatanisa ao amin’ny andininy faha-13 amin’ny didim-panjakana nosoratana ao antin’ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety araka ny fisoratan’ny sosaiety ara-barotra, afa-tsy ny mpanamarin-kaonty ;
- vatan-tenan’olona, mpikambana amin’ny vondrona ahazoana tombontsoa ara-toekarena, mpihevi-draharaha sy olona miandraikitra ny fanaraha-maso ny fitantanana ary ny fanaraha-maso ny kaontin’ireo vondron-draharaha ireo, afa-tsy ny mpanamarin-kaonty ;
- ny mpitantana ny sosaiety sivily ;
- vatan-tenan’olona voasoratra ao amin’ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety araka ny fisoratan’ny kaoperativa misahana fambolena, afa-tsy ny mpanamarin-kaonty.

Ireo olona ireo ihany dia manao, mialoha, fanambarana manamarina fa mbola tsy nanaovana fanamelohana na famaizana tsotra na ara-panjakana izay mandrara azy ireo tsy hitantana sy hitondra ary hitarika fikambanana mizaka ny zo aman’andraikiny ary, raha mpivarotra, dia mandrara azy tsy hanao ny raharaham-barotra.

Raha toa ilay fitanisan-tsazy ka mampiseho ny fisian’ny fandrarana hanao raharaham-barotra na fanamelohana mandrara ny fisahanana ny asa efa natao, ny mpitsara dia mandidy ny fikosehana ny anarana ao amin’ny fanoratana am-boky na ny fisoratana am-boky.

Raha toa ka ekena vonjimaika ny fanomezan-dàlana ara-panjakana ary tsy tena raikitra raha tsy ao aorian’ny fisoratana ao amin’ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety ny mpiandraiki-tsora-pitsarana dia mandefa any amin’ny manampahefana ara-panjakana mahefa ny kopian’ny fisoratana am-boky raha vao voamarina ny taratasy fitanisan-tsazy.

### Sokajy III

#### *Fanaraha-maso sy fiandraiketana am-boky ny fangatahana*

**And. 36.** – Ny fametrahana izay rehetra fangatahana fisoratana, na mikasika ny fanoratana, na mikasika ny fanoratan izany na fanovana na famonoana anarana, dia marihin’ny mpiraki-draharaha ao amin’ny rejisitry ara-pahatongavana izay manondro ny vaninandro nahatongavana sy ny nametrahana izany tao amin’ny firaketan-draharaha, ny karazan’ny fangatahana, ny anarana, fanampin’anarana, ny anaram-pikambanana na ny anarana intsoana ny mpangataka.

Homarihin’ny mpiraki-draharaha aty aoriana ao amin’izany ny tohin’ny fangatahana.

**And. 37.** – Ny fiandraiketana-draharaha miadidy ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety no miantoka ny maha-ara-dalàna ny fangatahana, ka izy no tompon’andraikitra amin’izany.

Izy no manamarina fa ny fangatahana dia feno sy mifanaraka amin’ny didy aman-dalàna manankery, indrindra :

- fa ny fananganana na fanovana ny fitsipi-pitondrana ny sosaiety misahana varotra dia mifanaraka amin’ny fepetra voalazan’ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika mifehy azy ireo ;
- fa ny filazalazana dia mifanaraka amin’ny singan-taratasy fanamarinana naseho sy mifanandrify amin’ny voalazan’ny antontan-taratasy, raha toa ka fangataham-panovana na famonoana anarana.

Raha toa ka mahita fototra zavatra tsy mifanaraka na raha toa ka misy olona eo amin’ny fanatanterahana ny asany, dia ampahafantariny ny mpitsara nampandraiketina ny fanaraha-maso ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety.

**And. 38.** – Ny mpiraki-draharaha dia hikarakara ny fisoratana ao anatin'ny dimy andro fiasana momboka ny naharaisana ny fangatahana.

Na izany anefa, raha toa ka tsy feno ny antontan-taratasy, dia tsy maintsy mitaky, ao anatin'io fe-potoana io, ny singan-taratasy na ny filazalazana tsy ampy izy ka dia tsy maintsy vononina ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro manomboka amin'io fitakiana io. Raha vao voarainy izany singan-taratasy na filazalazana izany, dia hokarakarain'ny mpiraki-draharaha ny fanoratana ao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andalana voalohany.

Raha toa ka tsy voaarina ny fangatahana araka ny fepetra voalaza etsy ambony na raha hitany fa tsy mifanaraka amin'ny fepetra fampihahatra ny fangatahana dia mandray fanapahan-kevitra momba ny fandavana ny fiisoratana ny mpiraki-draharaha ; tsy maintsy ataony, ao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andalana voalohany, na ny mamerina ny fangatahana any amin'ny mpangataka rahefa nanomezana tapakila, na ny mandefa izany amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha ombam-pangatahana filazana ny naharaisana izany. Ny fanapahan-kevitra fandavana dia tsy maintsy omban'antonantony.

Ny fampahafantarana alefan'ny mpiraki-draharaha dia milaza ny fahazoan'ny mpangataka mampakatra raharaha, araka ny fisehoan-javatra, voasoritry ny andininy faha-65 ka hatramin'ny faha-69 amin'izao didim-panjakana izao sy manoritra mazava ny fombafomba amin'izany.

Raha toa ka tsy nohajain'ny mpiraki-draharaha ny fe-potoana noferan'izao andininy izao harahiny dia azon'ny mpangataka entina eo anatrehan'ny mpitsara nampandraiketina ny fanaraha-maso ny rejisitra ny raharaha.

**And. 39.** – Ny fisoratana dia marihina ny mpiraki-draharaha ao amin'ny rejisitra ara-pahatongavana, izay manondro araka ny laharany, ny vaninandro sy laharana, anarana, fanampin'anarana, anaram-pikambanana na anarana intsoana ilay noterena hanaraka ny fepetra ary ny karazan'ny fombafomba arahina amin'izany. Apetany eo amin'ny sosony tsirairay amin'ny fangatahana ny fanamarinana ataony ary omeny kopia amin'izany ny mpangataka.

**And. 40.** – Ny laharam-panoratana ao amin'ny rejisitra ny varotra sy ny sosaiety dia omen'ny mpiraki-draharaha. Io laharana io no apetraka eo apetraka eo amin'ny antontan-taratasy tehirizina ao amin'ny fiandraiketana-draharaha sy eo amin'ny sosony natokana ho amin'ny rejisitra nasionaly.

Io laharana io dia ahitana :

1° Ny famantarana RCS ny anaran'ny Kaominina misy ny fitsarana itazonana ny rejisitra ;

2° Ny litera A raha toa ka vatan-tenan'olona , ny litera B raha toa ka fikambanana mizaka ny zo aman'andraikiny mikasika ny varotra na hafa ankoatry ny vondrona misahana ny tombontsoa ara-toekarena, ny litera C raha toa ka vondrona misahana ny tombontsoa ara-toekarena, ny litera D raha toa ka fikambanana mizaka ny zo aman'andraikiny tsy misahana varotra ankoatry ny vondrona misahana ny tombontsoa ara-toekarena ;

3° Ny arivo taonan'ny fanoratana ;

4° Ny laharana ara-pahatongavana.

Raha vantany vao vita ny fanoratana azy dia ampahafantarina ny mpangataka izany laharam-panoratana izany.

**And. 41.** – Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, ny mpiraki-draharaha dia afaka manamarina ny faharetan'ny fifanarahan'ny fisoratana natao araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-30.

Raha toa ka misy ny tsy fifanarahan'izany, dia iangaviana ilay voatery hanao izany hampanara-dalàna ny antontan-taratasy. Raha toa ilay voatery ka tsy manaraka izany ao anatin'ny fe-potoana iray volana manomboka ny vaninandro entin'izany dia entin'ny mpiraki-draharaha eo amin'ny mpitsara nampandraiketina ny fanaraha-maso ny rejisitra.

Izay rehetra fisoratana nataon'ny mpiraki-draharaha ka misy hadisoana dia azony foanana araka ny didy navoakan'ny mpitsara nampandraiketana ny fanaraha-maso ny rejisitra.

Toko II  
**Fisoratana avy hatrany**

-----  
Sokajy I

***Fisoratam-panovana***

**And. 42.** – Marihina avy hatrany ao amin'ny rejisitra ny fanambarana momba ny fitsaharan'ny fanefam-bola sy ny fanapahan-kevitra noraisina ao anatin'ny paika arahina momba ny fandravonana ara-pitsarana sy momba ny fahabankiana :

- 1° Anambarana ny fandravonana ara-pitsarana na ny fahabankiana ;
- 2° Anovàna ny vaninandro hitsaharan' ny fanefam-bola ;
- 3° Itsarana ny maha-ara-dalàna ny fifanekena ;
- 4° Anambarana ny fanafoanana na ny fitsipahana ny fifanekena ;
- 5° Amadihana ny fandravonana ara-pitsarana ho fahabankiana ;
- 6° Anambarana ny tsy fahaloavan-trosan'ny mpandraharaha na ny fandrarana hafa tsy hitantana, hitarika ny hitondra ;
- 7° Anambarana ny fizakan'ny mpitondra nofinidy na araka ny lalàna ny trosan' ny sosaiety ampahany na manontolo ;
- 8° Amaranana noho ny fanafoanana ny trosa ny raharaha mikasika ny fandravonana ara-pitsarana sy ny famaranam-pananana na noho ny tsy fahampian' ny vola eo am-pelatanana, ny raharaha mikasika ny famaranam-pananana.

**And. 43.** – Marihina avy hatrany ao amin'ny rejisitra ny fanambarana momba ny fitsaharan'ny fanefem-bola sy ny fanapahan-kevitra manaraka noraisina ao anatin'ny paika arahina mikasika ny fanarenana na ny famaranana ara-pitsarana ny fanjarianasa :

- 1° Anomboka ny paika arahina momba ny fanarenana ara-pitsarana miaraka amin'ny fanondroana ny fahefana nomena ny mpihevi-draharaha ;
- 2° Analavana ny fe-potoana anaovana ny fandinihana ;
- 3° Anovana ny vaninandro hitsaharan'ny fanefam-bola ;
- 4° Anovana ny fahefan'ny mpihevi-draharaha ;
- 5° Anapahana fa hotohizina ny asa aman-draharaha ahazoana mamolavola ny drafi-panarenana ;
- 6° Anomezan-dalàna ny fandraiketana fifanarahana fampanofana sy fitantanana mandritry ny fe-potoana anaovana ny fandinihana ;
- 7° Anomezan- dalàna ny fisamboram-bola na anekena ny fe-potoana hanefana ny trosa ;
- 8° Ampiankinana ny fankatoavana ny drafi-panarenana amin'ny fanoloana ny iray na maromaro amin'ireo mpitondra ;
- 9° Andidiana ny fampitsaharana manontolo na ampahany amin'ny asa aman-draharaha ;
- 10° Amerana ny drafitra ho fanohizana na ho fitsaharana amin'ny asa aman-draharaha ;
- 11° Anovana ny didim-pitsarana izay mametra ny drafitra ho fanohizana na fitsaharana amin'ny asa aman-draharaha ;
- 12° Anambarana ny famaranam-pananana ara-pitsarana ;
- 13° Anambarana ny fifaranan'ny paika arahina noho ny fanafoanana ny trosa na noho ny tsy fahampian'ny vola eo am-pelatanana ;
- 14° Anambarana ny fifaranan'ny paika arahina raha toa ka afoy tanteraka ny fanjarianasa ;
- 15° Anapahana fa ny trosan'ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikiny dia hozakain'ny mpitondra na ny sasantsasany amin'izy ireo manontolo na ampahany ihany ;
- 16° Anambarana ny tsy fahaloavan-trosan'ny mpandraharaha na ny fandrarana tsy hahazo hitarika, hitantana na hitondra miaraka amin'ny fanondroana ny fe-potoana aharetan'ireo fepetra nambara ireo ;
- 17° Anovana ny rantsa-mangaika ny paika arahina ;
- 18° Anapahana ny fandraisana indray ny paika arahina amin'ny famaram-pananana ;
- 19° Anambarana ny fampiantonana vonjimaika ny fanenjehana. Io fanamarihana io dia foanana avy hatrany raha vao tapitra ny fe-potoana aharetan'ny fampiantonana.

**And. 44.** – Raha toa ny ambaratongam-pitsarana nanambara ny iray amin'ireo fanapahan-kevitra voalaza ao amin'ny andininy faha-35 sy faha-36 etsy ambony, ka tsy ilay ao amin'ny fari-piadihana itazonana ny rejisitra ahitana ny fanoratana fototra, ny mpiraki-draharaha ao amin'ilay ambaratongam-pitsarana nitsara ny raharaha dia mampahafantatra ny fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha ao anatin'ny

hateloana manomboka ny vaninandro entin'ny fanapahan-kevitra any amin'ny mpiraki-draharaha miandraikitra ny fitanana ny rejisitra.

Ity farany ity no mikarakara ny fanamarihana izany avy hatrany.

**And. 45.** – Marihina avy hatrany ao amin'ny rejisitra :

1° Ny fepetra mikasika ny tsy fahafahana na fandrana hisahana raharaham-barotra na raharaha hafa, hitantana, hitondra na hitarika fikambanana avy amin'ny fanapahana ara-pitsarana na ara-pitondrana ;

2° Ny fanapahana ho famerenan-jo, ny fanalana ny tsy fahafahana na fepetra famotsoran-keloka manafaoana izany tsy fahafahana na fandrana izany ;

3° Ny fanapahana ara-pitsarana anambarana ny fandravana na ny fanafoanana ny fikambanana ;

4° Ny fahafatesan'ny olona voasoratra.

Ny mpiraki-draharaha dia ampahalalan'ny minisiteram-panjakana na, raha ilaina, ny manampahefana ara-pitondrana ny fanapahan-kevitra voalaza ao amin'ny 1° sy 2° etsy ambony, amin'izay mikasika ny fahafatesan'ny olona voasoratra dia omena azy amin'ny fomba rehetra ny porofo mikasika izany.

**And. 46.** – Ny fanapahan-kevitra voalaza ao amin'ny andininy faha-21, faha-41, faha-42 ary faha-44 dia marihina avy hatrany ihany koa eo amin'ny fanoratana aty aoriana araka ny fampahafantarana nataon'ny mpiraki-draharaha miandraikitra ny fanoratan tany am-boalohany ; izany fampahafantarana izany dia tsy maintsy atao ao anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny foloandro manomboka amin'ny nanaovana ny fanamarihana tany am-boalohany.

**And. 47.** – Raha toa ny mpiraki-draharaha ka nampahalalana ny fitsaharan'ny vatan-tenan'olona na fikambanana voasoratra amin'ny asany manontolo na ampahany, dia ampahatsiahiviny an'ilay voakasika, amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha, ny fepetra voalazan'ny andininy faha-11 sy faha-21 araka ny fisehoan-javatra. Raha toa ka averin'ny fitondran-draharaha momba ny paositra ilay taratasy miaraka amin'ny filazana manamarina fa tsy misahana intsony ny raharaha fanaony ao amin'ny adiresy voatondro ilay nandefasana ny taratasy, dia soratan'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny rejisitra ny varotra sy ny sosaiety ny fanamarihana ny fitsaharana amin'ny asa aman-draharaha.

Raha toa ny mpiraki-draharaha ka nampahalalalan'ny manampahefana ara-pitondrana na ara-pitsarana fa tsy marina intsony ny filazana mikasika ny fonenana na ny toerana isahanana ny asa aman-draharaha, dia marihiny avy hatrany ireo fanovana ireo ary ampahafantariny izany ilay voatery hanao izany any amin'ny adiresy vaovao. Ny mpiraki-draharaha no mikarakara toy izany ihany koa raha toa ka nampahalalana azy ny fanovana, avy amin'ny fanapahana nataon'ny manampahefana ara-pitondrana mahefa, eo amin'ny fanoratana ny adiresin'ny foiben-toerana ny fanjarianana na ny an'ny toeram-piasana ; na izany aza anefa dia tsy voatery hampahafantatra izany ilay voatery hano izany izy, raha izany no miseho.

## Sokajy II

### *Famonoana anarana*

**And. 48.** – Vonoina avy hatrany ny anaran'izay rehetra mpivarotra :

1° Iharan'ny fandrana tsy hahazo hisahana raharaha ara-barotra araka ny voalazan'ny fanapahana ara-pitsarana natao hanana ny lanjan'ny raharaha efa voatsara na ny fanapahana ara-pitondran tsy maintsy tanterahina ;

2° Efa maty mihoatra ny herintaona, afa-tsy raha hoe nisy fanambarana natao araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-10, 7° sy 8°. Raha izany no mitranga, ny famonoana anarana dia atao ao anatin'ny fe-potoana herintaona manomboka ny fanamarihana ny fanambarana na ny fanavaozana izany ; atao ny fampahafantarana itakiana ny fanoratana azy.

**And. 49.** – Vonoina avy hatrany ny anaran'izay rehetra mpivarotra na fikambanana :

1° Manomboka ny famaranana ny paika arahina momba azy, na izany noho ny fahabankiana na famaranam-pananana noho ny tsy fahampiam-bola eo am-pelatananana na fandravana ny firaisana, na izany noho ny fandravonana ara-pitsarana noho ny tsy fahampian'ny vola ao am-pelatanana, na izany fandravonana ara-pitsarana amin'ny alalan'ny fifanekena hamoizan' ilay voakasika ny vola eo am-pelatanany manontolo ;

2° Ao anatin'ny fe-potoana herintaona aorian'ny fanamarihana ao amin'ny rejisitra ny fitsaharana tanteraka amin'ny asa aman-draharaha afa-tsy amin'izay fikambanana mbola hangatahana fandravana ;

3° Aorian'ny paika arahina tondroina manaraka etoana : raha toa ny mpiraki-draharaha nanao ny fanoratana tany am-boalohany ny fikambanana iray azo anaovana fandravana mahita fototra fa, aorian'ny fe-

potoana telo taona aorian'ny fanamarihana ao amin'ny rejistry ny varotra sy ny sosaiety ny fitsaharan'ny fikambanana tanteraka amin'ny asany, tsy misy mihitsy fisoratam-panovana mikasika ny fandraisana indray ny asa na ny fametrahana kaonty, dia alefany any amin'ny foiben-toeran'ilay fikambanana ny taratasy tsy very mandeha manery azy hanaja ny fepetra mikasika ny fandravana sy mampahafantatra azy fa raha toa ka tsy misy valiny ao anatin'ny fe-potoana telo volana izany, dia hokarakarainy ny famonoana anarana. Ny famonoana anarana dia ampahafantariny mpiraki-draharaha ny minisiteram-panjakana izay mety hampizaha fototra ny fandravana ny fikambanana ;

4° Rahefa tapitra ny fe-potoana roa taona aorian'ny fampahafantarana ny fametrahana ny foibem-pikambanana aorian'ny toerana nofaina ho trano fonenana raha toa ka tsy nampitaina ho fantatry ny mpiraki-draharaha, na ny famindrana na ny titra manamarina ny fampiasana ho fivarotana ny toerana natao hisy na ny foibe, na ny masoivoho, ny sakelika ny ny fisoloantena .

**And. 50.** – Vonoina avy hatrany ny anaran'ny fikambanana rehetra ao anatin'ny fe-potoana telo taona aorian'ny vaninandro anambarana ny fandravana azy.

Na izany aza anefa, ny mpamaram-pananana dia afa-magataka ny fanalavana ny fanoratana amin'ny alalan'ny fisoratam-panovana noho ny antony mikasika ny famaranam-pananana ; manan-kery ao anatin'ny herintaona izany fanalavam-potoana izany afa-tsy raha hoe misy fanavaozana isan-taona isan-taona.

**And. 51.** – Ny mpiraki-draharaha mikarakara ny famonoana ny fanoratana dia mitaky tsy misy hatak'andro :

1° Raha toa ka fanoratana tany am-boalohany, ny famonoana ny fanoratana taty aoriana mifandraika amin'izany, afa-tsy raha hoe nisy famindrana ny toeram-piasana fototra ho an'ny mpivarotra, ny foibe na toeram-piasana voalohany ho an'ny fikambanana ;

2° Raha toa ka fanoratana taty aoriana, ny fanovana ny fanamarihana mifanandrify amin'izany atao amin'ny fanoratana tany am-boalohany.

Raha toa ny asa aman-draharaha atao ka tsy azo sahanina raha tsy misy fahazoan-dàlana ara-panjakana, dia ny mpiraki-draharaha nomampahafantatra ny fahefana ara-pitondrana mahefa ny famoronana anarana avy hatrany nokarakarainy, afa-tsy raha hoe tsy natao ny fanavaozana ny fanomezan-dàlana avy amin'ny manam-pahefana ara-pitondrana.

### Sokajy III

#### *Fepetra iraisana*

**And. 52.** – Foanan'ny mpiraki-draharaha izay fisoratana rehetra natao avy hatrany noho ny filazalazana izay hita fa tsy marina.

Raha misy olona nokosehina avy hatrany ny fisoratany, dia afaka mangataka ny mpitsara voatendry hanao ny fanaraha-maso ny boky izy mba hanafoana izany fikosehana izany, ao anatin'ny fe-potoana enim-bolana manomboka ny fikosehana ary rahefa mampiseho fa ara-dalàna ny momba azy.

**And. 53.** – Ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro manaraka ny fisoratana am-boky, dia mandefa sosony iray amin'ny fangatahana tsirairay voamariny any amin'ny antokon-draharaha miandraikitra ny statistika ny mpiraki-draharaha.

Ny mpiraki-draharaha manao ny fisoratana am-boky avy hatrany mikasika ny fitsaharan'ny asa, ny fahafatesana, ny fandravana, ny fanafoanana na ny fikosehana dia hampahafantatra ny antokon-draharaha miandraikitra ny statistika.



LOHATENY III

**MOMBA NY FAMETRAHANA AMIN'NY TOVANA NY SORA-PANJAKANA SY NY SINGAN-TARATASY MIKASIKA NY FIKAMBANANA MIZAKA NY ZO AMAN'ANDRAIKITRA FEHEZIN'NY LALANA IFAMPITONDRANA ISAM-BATAN'OLONA**

TOKO VOALOHANY

**Fikambanana mizaka zo aman'andraikitra izay eto amin'ny tanim-pirenena malagasy no misy ny foibem-pikambanana**

Sokajy I

*Fepetra ankapobe*

**And. 54.** – Izay fametrahana ny sora-panjakana sy ny singan-taratasy amin'ny tovana amin'ny rejisitra amin'ny anarana fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra izay manana ny foibem-pikambanana dia eto amin'ny tanim-pirenena Malagasy dia atao sosony roa voamarina fa mitovy ataon'ny solontenany ara-dalàna any amin'ny firaketan-draharaham-pitsarana ao anatin'ny fari-piadiidiana izay misy ny foiben-toerana.

Ny fametrahana dia ho zaham-pototra amin'ny alalan'ny fitanan-tsoratra ataon'ny mpiraki-draharaha ary anomezanan'ny mpiraki-draharaha tapakilam-pandraisana ahitana ny anarana na fiantsoana ny fikambanana, ny adiresin'ny foiben-toerana, ary ho an'ny sosaiety, ny endriny, ny isany ary ny karazan'ny sora-panjakana sy ny singan-taratasy napetraka ary koa ny vaninandro nanaovana ny fametrahana. Raha toa ny fametrahana ka nataon'olona efa voasoratra, ny fitanan-tsoratra dia ahitana ny laharam-panoratana.

Sokajy II

*Fametrahana sora-panjakana fanorenana*

**And. 55.** – Ny sora-panjakana fanorenana ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra izay eto amin'ny tanim-pirenena Malagasy no misy ny foiben-toerana ary voalaza manaraka eto dia apetraka farafahatarany miaraka amin'ny fangataham-panoratana. Ireny sora-panjakana ireny ho an'ny sosaiety na vondrona mikatsaka tombotsoa ara-toekarena dia :

- fandefasana ny fitsipi-pikambanana roa na ny fifaneken'ny vondrona, raha natao sora-panjakana to, na matoa roa raha sora-panekena natao sonia tsy teo antrehan-ny fanjakana ; izany dia ahitana, raha ilaina, ny anarana sy ny fonenana misy firaketan-draharahan'ny notaire izay nametrahana izany ;

- kopia roa ny sora-panjakana manendry ny rantsa-mangaika ny fitantanana, ny fitondran-draharaha, ny foibem-pitondrana, ny fanaovana andrimaso ary ny fanaraha-maso ;

Ankoatr'izany, ho an'ny sosaiety :

- raha ilaina, sosony roa amin'ny tatitry ny mpanamarina ny tolo-pananana mikasika ny fanombanana ny tolo-pananana ;

- raha toa sosaiety amin'ny alalan'ny ny petrabola, sosony roa amin'ny taratasy fanamarinana ny fametrahana ny vola miaraka amin'ny lisitry ny mpanonom-bola ahitana ny isam-ny petrabola notononina sy ny vola narotsak'izy ieo tsirairay ;

- raha toa sosaiety mitarika am-pahibemaso hitahiry vola, kopia roa ny fitanan-tsoratra ny fifampidinihana nataon'ny fivoriamben-panorenana.

Ho amin'ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra voalaza eo amin'ny andininy vialohany (5°) izay araka ny rijan-teny mifehy azy, dia tsy maintsy hatao ny fametrahana ny sora-panjakana sasantsasany, ny fampifanarahana ny fitsipika feran'izao andininy izao dia hatao didim-pitondrana iarahan'ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry miandraikitra ny Fizaka-manana ny indostria ary ny Minisitry miandraikitra ny Fanaraha-maso ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra.

Sokajy III

***Fametravana sora-panovana***

**And. 56.** – Ny sora-panjakana, ny fifampidinihana na ny fanapahana manova ny singan-taratasy napetraka tamin'ny fotoana fanorenana dia apetraka atao sosony roa ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka ny vaninandro entin'izy ireo.

Ampiarahina amin'ny sosony roa amin'ny fitsipi-pikambanana tsy maty paik'andro na ny fifaneken'ny vondrona nataoamin'ny taratasy tsootra voamarina mitovy nataon'ny solontena ara-dalàna.

Ankoatr'izany, raha misy ny fanovana ny sosaiety tsy anavahana anarana ho sosaiety amin'ny endrika hafa, ny tatitra ataon'ny mpanamarina ny fanovana dia apetraka valo andro mialohan'ny vaninandro fivoriana hanapaka ny fanovana na, raha toa ka fakan-kevitra an-tsoratra, dia valo andro alohan'ny vaninandro farany ho amin'ny fanomezana valiny ny mpiombon'antoka.

**And. 57.** – Ny didy aman'andraikitra voalaza ao amin'ny andalana voalohany amin'ny andininy teo aloha dia mirakitra, ho an'ny sosaiety misahana andraikitra voafetra :

- raha misy fampitomboana na fampihenana ny renivola-pikambanana, ny kopian'ny fitanan-tsoratra ny fifampidinihan'ny mpiombon'antoka ;

- raha misy fampitomboana ny renivola amin'ny alalan'ny tolo-pananana, ny tatitry ny mpanamarina ny tolotra ; io tatitra io dia apetraka valo andro ahay alohan'ny vaninandro fivorian'ny mpiombon'antoka antsoina hanapa-kevitra amin'ny fampitomboana.

**And. 58.** – Ny fametravana voalazan'ny andalana voalohany ao amin'ny andininy faha-56 dia mirakitra, ho amin'ny sosaiety amin'ny alalan'ny petrabola sy ny sosaiety sivily mitarika ampahibemaso hampirim-bola :

- ny kopian'ny fitanan-tsoratra ny fivoriaben'ny tomponà petrabola na ny mpiombon'antoka izay nanapa-kevitra na nomen-dàlana na ho amin'ny fampitomboana, na ho amin'ny fampihenana ny renivola ;

- ny kopian'ny fanapahana nataon'ny Filankevi-pitantanana, ny mpihevi-draharaha ankapobeny na ny mpitantana, araka ny zava-misy, hanatanteraka ny fampitomboana na ny fampihenana ny renivola neken'ny fivoriaben'ny tomponà petrabola na mpiombon'antoka ;

- raha misy fampitomboana ny renivola amin'ny alalan'ny tolo-pananana, ny tatitry ny mpanamarina ny tolotra ; io tatitra io dia apetraka valo andro farafahakeliny alohan'ny vaninandro fivorian'ny tomponà petrabola na mpiombon'antoka antsoina hanapa-kevitra amin'ny fampitomboana.

**And. 59.** – Ny fametravana voalazan'ny andalana voalohany ao amin'ny andininy faha-55 dia mirakitra ihany koa, ho an'ny sosaiety amin'ny alalan'ny petrabola tokana ihany :

- ny kopian'ny fitanan-tsoratra ny fivoriamben'ny tomponà petrabola izay nahazo alalana amin'ny famoahana vola tokony aloa miaraka amin'ny taratasy fanononam-bola amin'ny petrabola, ny vola tokony aloa azo avadika ho petrabola, ny vola tokony aloa azo atakalo petrabola na ny taratasy fanamarinana ny vola nampiasaina hamokarana ;

- kopian'ny fitanan-tsoratra ny fivoriamben'ny tomponà petrabola ametravana zo handatsa-bato indroa ;

- ny kopian'ny fitanan-tsoratra ny fivoriamben'ny tomponà petrabola nanapa-kevitra ny hividy indray ny anjaran'ny mpamorona na ny mpisitaka na ny famadihana izany ho petrabola sy ny fivoriamben'ny mpanana izany anjara izany izay, raha ilaina, nanaiky izany fividianana izany indray na ny famadihana izany.

**And. 60.** – Raha toa misy ny famindrana ny foiben-toerana ivelan'ny fari-piadiadian'ny fitsarana misy ny firaketan-draharaha nanoratan'ily olona, dia apetraka araka ny fepetra sy fe-potoana voalazan'ny andalana voalohany amin'ny andininy faha-56, ao amin'ny firaketan-draharahan'ny fitsarana misy ny foiben-toerana vaovao, sosony roa amin'ny fitsipi-pikambanana na ny fifanekem-pivondronanana natao maty paik'andro soratana ao amin'ny singan-taratasy natovana amin'ny fitsipi-pikambanana na ny fifanekena, ny foiben-toerana teo aloha sy ny firaketan-draharahan'ny fitsarana mitahiry, amin'ny tovana amin'ny rejisitra, ny sora-panjakana voatondro ao amin'ny andininy faha-54, faha-55 ary faha-56 miaraka amin'ny fanondroana ny vaninandro voalohany namindrana ny foiben-toerana.

Ny fapahafantarana ny fametravana dia ataon'ny mpiraki-draharaha misy ny foiben-toerana vaovao amin'ny mpiraki-draharaha misy ny foiben-toerana teo aloha ao anatin'ny dimy amin'ny folo andro, izay ahitana soratra mifandraika amin'ny antontan-taratasy.

Sokajy IV

***Fametravana ny taratasy firaketana ny kaonty***

**And. 61.** – Ny sosaiety ara-barotra dia tsy maintsy mametraka sosony roa, ao anatin'ny fe-potoana iray volana manomboka ny fankatoavan'ny fivoriana ara-potoana, ny taratasy firaketana ny kaonty voadidin'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

Ny taratasy firaketana ny kaonty, izay tsy maintsy avoakan'ny fikambanana hafa mizaka ny zo aman'andraikitra amin'ny tovana ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny sosaiety, dia apetraka atao sosony roa.

Na izany aza anefa, ny fametravana ny taratasy firaketana ny kaonty dia azo atao amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika araka ny fepetra marihina manokana tamin'ny fitsipi-dalàna.

TOKOII

**Fametravana ny soratra mikasika ny sosaiety izay any ivelany no misy ny foiben-toerana**

Sokajy I

***Sosaiety manokatra orinasa voalohany eto Madagasikara***

**And. 62.** – Izay sosaiety ara-barotra rehetra izay ny foiben-toerana dia any ivelany ary manokatra orinasa voalohany eto Madagasikara dia tsy maintsy mametraka, raha ela indrindra amin'ny fotoana izay anaovana ny fangataham-panoratana, ao amin'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana ara-barotra ao amin'ny fari-piadidiana izay misy io orinasa io, kopia roan'ny fitsipi-pikambanana manan-kery amin'ny andro anaovana ny fametravana, ankoatr'izany dia mametraka koa izy, isan-taona, sosony roa amin'ny taratasy firaketana ny kaonty izay nataony, manao ny fanaraha-maso ary mampahafantatra ny besinimaro any amin'ny Firenena misy ny foiben-toerany.

Ny fametravana ny taratasy firaketana ny kaonty dia tanterahina ao anatin'ny fe-potoana volazan'ny lalàna izay misy ny foiben-toeran'ny sosaiety.

Ny sora-panjakana rehetra taty aoriana manova ny fitsipi-pikambanana dia tsy maintsy apetraka araka ny fepetra voalazan'ny andalàna eo aloha.

Ny singan-taratasy apetraka dia adika, raha ilaina, amin'ny fiteny malagasy na frantsay ary ny kopia dia voamarina mitovy ataon'ny mpametraka.

**And. 63.** – Raha misy famindrana ny orinasa volohany any amin'ny fari-piadidiam-pitsrana hafa, ny fitsipi-pikambanana manan-kery dia tsy maintsy apetraka mitovy araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andidiny teo aloha.

Sokajy II

***Sosaiety mitarika ampahibemaso hampirim-bola***

**And. 64.** – Alohan'ny famoaham-bola rehetra eto amin'ny tanim-pirenena Malagasy amin'ny alalan'ny fitaomana ampahibemaso hampirim-bola, amin'ny petrabola, ny vola tsy maintsy aloa na taratasim-bola hafa azo varotana ataon'ny sosaiety vahiny iray izay tsy manana eto amin'ny tanim-pirenena malagasy na sakeliny na masoivoho na alohan'izay fisoratana rehetra ao amin'ny lisitra ofisialin'ny tranombola ny taratasim-bola azo varotana navoakan'izany sosaiety izany, ny sosaiety mpamoaka dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny mpiraki-draharahan-pitsarana ambaratonga voalohany ao Antananarivo ny kopia roan'ny fitsipi-pikambanana manan-kery amin'ny fotoana nanaovana ny fametravana.

Ireny kopia ireny dia tsy apetraka ny solontenan'ny sosaiety na ny mpampiditra ny taratasim-bola eto Madagasikara. Ny fitsipi-pikambanana dia tsy maintsy adika amin'ny teny malagasy na frantsay raha sendra izany.

Ireny kopia ireny dia voamarin'ny mpametraka fa dika mitovy.

Amin'ireo sora-panjakana napetraka ho fampiharana ny andalàna voalohany etsy ambony, dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny sosony roa ny taratasy mikasika filazalazana manondro :

1° Ny anaram-pikambanana na ny fiantsoana azy arahin'ny fanafomezana azy, raha misy ;

2° ny endriky ny sosaiety sy ny lalàna ampiharina aminy ;

3° Ny tetin'ny renivolan-pikambanana ary koa, raha ilaina ny sandan'ny petrabola araka ny sokajy tsirairay navoaka ;

4° Ny adiresin'ny foibem-pikambanana ;

5° Ny anton-draharaha tena atao ;

6° Raha ilaina, raha toa ny lalàna vahiny izay mifehy ny sosaiety mitady izany, ny toerana sy ny laharam-panoratana io sosaiety io ao amin'ny rejisitry ny fanjakana ;

7° Ny anaram-pikambanana na ny fiantsoana azy sy ny foiben'ny banky sy antokon-draharaha ara-bola na ny anarana, fanampin'anarana fampiasa an-davanandro ary ny fonenan'ireo mpandraharaha mikasika ny fifanakalozana izay manampy azy ireo amin'ny fanatanterahana ny raharaha.

Ireo sosaiety ireo dia tsy maintsy manaja ny adidy aman'andraikitra voalazan'ny andàlana voalohany amin'ny andininy faha-47. Ampiharina amin'izy ireo ihany koa ny fepetra voalazan'ny andininy faha-5, faha-47 andàlana faha-2, faha-67, faha-69 ary faha-70.

#### LOHATENY IV

### MOMBA NY FIFANOLANANA SY NY VOKATRA ATERAKY NY FISORATANA ARY NY FAMETRAHANA NY SORA-PANJAKANA

#### TOKO VOALOHANY

##### Fifanolanana

**And. 65.** – Noho ny tsy fahavitan'ny olon-tsotra mpivarotra ny fangatahana ny fanoratana azy tao anatin'ny fe-potoana voadidin'ny andininy faha-5-4° amin'ny lalàna laharana faha-99-025 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny mangarahara amin'ny fanjaranasa, ny mpitsara voatendry avy hatrany na noho ny fangatahan'ny tonia mpapanao na izay olona manamarina fa manana tombontsoa amin'izany dia mamoaka ny didim-pitsarana mibaiko amin'ny fomba ny fanoratana azy.

Mitovy amin'izany koa, ny mpitsara dianafaka mandidy izay olona rehetra voasoratra ao amin'ny rejisitry ny varotra tsy nangataka izany tao anatin'ny fe-potoana voadidy ny hanao, na filazana na fanitsiana ilaina raha toa misy marina na tsy ampy, na fikosehana ny anarana.

Ny mpiraki-draharaham-pitsarana mamoaka didy mampanaraka am-boky olona iray dia tsy maintsy mampahafantatra izany didy izany amin'ny mpiraki-draharaham-pitsarana ao amin'ny fari-piadihana izay misy ny foiben-toeran'ilay olona voakasika na ny orinasany fototra. Ny mpiraki-draharaham-pitsarana andefasana ny didy dia mampahafantatra ny mpitsara voatendry amin'ny fanaovana andrimaso ny rejisitra.

**And. 66.** – Ny fifanolanana rehetra misy eo amin'ilay voatery misoratra sy ny mpiraki-draharaha dia entina eo amin'ny mpitsara voatendry amin'ny fanaovana andrimaso ny rejisitry ny varotra izay hanapaka amin'ny alalan'ny didim-pitsarana.

**And. 67.** – Ny didim-pitsarana avoakan'ny mpitsara voatendry amin'ny fanaovana andrimaso ny rejisitra dia ampahafantarina ny voatery misoratra am-boky amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fangatahana ny filazam-paharaisana.

Ny fampahafantarana dia milaza ny endrika, ny fe-potoana ary ny fombafomba fampakaran-draharaha. Ankoatr'izany, ny mpiraki-draharaha dia mampahafantatra ilay voatery tsy maintsy misoratra am-boky amin'ny alalan'ny taratasy tsotra, any amin'ny adiresy andefasana ny taratasiny, ny didy navoaka sy ny fe-potoana ahazoana manao fampakaram-draharaha.

**And. 68.** – Entina eo amin'ny Filohan'ny fitsarana ambaratonga voalohany ny fangatahana fanoherana ny didy avoakan'ny mpitsara.

Ny fampakaram-draharaha dia ahitana ny fangatahana natao ahazoana taratasy fanamarinam-paharaisana na alefa ao anaty valopy mihidy tsy very mandeha miaraka amin'ny fangatahana filazam-paharaisana any amin'ny sekretarian'ny fitsarana izay namoaka ny didy anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny folo andro.

Ny filoha no hanapaka amin'ny alalan'ny didim-pitsarana ao anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny folo andro manomboka amin'ny fotoana naharaisana ny fanambarana. Ny didim-pitsarana dia ahitana amin'ny firaketan-tsoratra ny teny fanatanterahana. Ampahafantarina tsy misy hatak'andro amin'ny mpangataka izany amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha miaraka amin'ny fanagatahana filazam-paharaisana.

**And. 69.** – Ankatoavina ny didy navoakan'ny mpitsara votendry hanao andrimaso ny rejisitra na ny didy avoakan'ny filoha ao anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny folo andro manomboka amin'ny vaninandro izay maha tena raikitra ny didy.

Azon'ny fitsarana izay namoaka ny didy amin'ny fikosehana ny anarana ny mibaiko ny firaketan-draharaha hanao izany avy hatrany amin'ny fiafaran'ny fe-potoana iray volana manomboka ny fandefasana ny taratasy tsy very mandeha mampahafantatra ny didim-pitsarana.

